AMBOHIMANJAKA 5

# TAKSIBROSY NILATSAKA TANY ANATY HANTSANA, 1 MATY, 5 HAFA NARATRA


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7488 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 04 febroary 2023


MARINA IZANY ! 7

## MANENO SAHONA DAHOLO !

Tsaroako ilay... 2

HAJA (TELO FANGADY)



## MANAO VEDETY EO ANOLOAN' NY GARAN'I TOAMASINA

CHAN 2022 4

# LAHARANA FAHATELO ATY AFRIKA NY BAREA DE MADAGASCAR




KOLOINA (RAKOOL) 11

## MIKARAMA MAHERIN'NY 37 TAPITRISA Ar ISAM-BOLANA



FIFIDIANANA FILOHAN'NY REPOBLIKA 7

## NAMPITANDRINA IREO MIERITRERITRA HANAO HOSOKA NY CENI

HO ANAO RAMATOA 9

## FIKARAKARANA VOLON' ANKIZY HO OLIOLY







Benja gasy - 40 taona

# Nahavita zavamaneno vaovao antsoina hoe " Citharpe "

*Efa nitety firenena maro tao Eorôpa sy Azia ary Afrika ny tarika Benja Gasy ary efa nahazo loka iraisam-pirenena ihany koa.*



Efa 40 taona nikarohana, nanatsara, nitendrena zavamaneno i Benja Gasy.

Feno 40 taona katroka amin'ity taona 2023 ity ny naha mpanakanto sady mpikaroka an'i Benja gasy. Hanamarika izany vanim-potoana goavana teo amin'ny tantaram-piainany, izay mifamatotra ihany koa amin'ny fivoaran'ny zavamaneno vita malagasy izany izy amin'ity. Nosantariny tamin'ny fampahafantarana ny fikarohana zavamaneno vaovao vao noforoniny teny amin'ny Akademiam-pirenena Malagasy teny Tsimbazaza ny fankalazana. Afakomaly no nanatanteraka io fampahafantarana io izy, sady nampiseho ny fomba fampiasana ilay zavamaneno. «Citharpe» no anaran'io zavamaneno io, izay nampivadiany ny harpe sy ny cithare. Ilay «Tristesse » n'i Chopin iny no notendriny ba gasy tamin'io zavamaneno vaovao « Citharpe » io tao an-toerana ka nampiaiky ireo rehetra nanatrika. Amin'ny maha mpikambana ao amin'ny Akademiam-pirenena malagasy azy no nahafahany nampahafantatra ity vokatra vaovao ity tao an-toerana. Mbola hitohy amin'ny hetsika maro samihafa ny fankalazana araka ny nambarany.

**Zavamaneno 3 karazana**

Tao anatin'izany 40 taona niriariavany tao anatin'ny fikarohana sy fanatsarana ny zavamaneno nentin-drazana malagasy izay. Nambarany, fa zavamaneno 3 no voaforona ary am-polony no efa nohatsaraina. Anisan'izany, ny Citharpe voalaza etsy ambony, ao koa ny Begah, izay mampiasa harpe ihany ary ny fahatelo ilay sodina 2 natambatra ary miara-tsofina. Ankoatra izay, miezaka manatsara ireo zavamaneno nentim-paharazana toa ny amponga ; ny kabosy, ny valiha, izay volena beso ohatra mba hanatsarana ny feony.

Tafiditra anatin'ny fikarohana ataony araka ny fanazavany ny fiezahana mamantatra amin'ny an-tsipirihany ireo karazana zavamaneno misy maneran-tany, sao mantsy efa nisy namorona mitovy amin'ny zavatra eritreretiny. Koa na tsy misy aza ny famatsiam-bola azony, dia miezaka amin'ny herin'ny tenany hatrany i Benja Gasy ary fahafinaretana ho azy ny mampahafantatra ny vokatry ny fikarohany.

**Fy**

Foibem-pirenena misahana ny Kolontsain'ny Ankizy any Egipta

# Mikarakara fifaninanana sary pika sy haitao ary asa-tanana ho an'ny tanora sy ny ankizy

Ny foibem-pirenena misahana ny kolontsain'ny ankizy any Egipta dia mikarakara fifaninanana efatra ho an'ny ankizy sy ny tanora manomboka eo amin'ny 4 ka hatramin' ny 18 taona maneran-tany. Fifaninanana izay natao indrindra mba hampiroboroboana ny talenta hananan'ny ankizy sy ny tanora moa izy io. Fifaninanana ihany koa izay ihodidina amin'ny sary pika sy haitao ary asa –tanana. Ny 1 martsa no daty farany handraisana anjara amin' izany. Ho an'ny sokajy fifaninanana maka sary, asaina ny ankizy haka sary ny zavaboary, ny olona, ??ny tanàna, ny tany. Ho tsaraina amin'izany izay hita fa miavaka sy manintona indrindra. Ny fomba fangalàn'izy ireo sary ihany koa jerena. Manaraka izay ny sokajy asa tanana, ho amin'ity indray dia asaina mamorona kilalao avy amin'ny fitaovana eo an-toerana sy ny "folklore" ireo mpifaninana mba hanamafisana bebe kokoa ny eritreritry ny ankizy sy ny fahaizany ara-javakanto. Ao amin'ny sokajy hosodoko kosa dia hizara roa ny fifaninanana. Ny voalohany dia hanasongadina an'i Ejipta, "ny tantarany amin'ny ankehitriny sy ny ho avy" ireo mpifaninana. Ary ny faharoa dia miompana amin'ny kaontinanta afrikanina, amin'ny lohahevitra hoe "Afrika eo imason'ny zanany". Hita ao amin'ny pejy fesibokin'ny minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina ny antsipiriany izany ho an'izay te handray anjara.

**Tanya.R**

Gadona Metaly - Tarika Zovy

# Tsy ho ela intsony ny fivoahan'ny rakikira voalohany



Hira voafantina sy voarindra tsara no hatolotra ny mpankafy Rock.

Nanou Rakotonirina, Leader sy Eric Anjaratiana no mpitarika ao antin'ny tarika Zovy. Ny mozika sy ny gadona Rock mavesatra no tena hiangalin'izy ireo kanefa manao gadona hafa ihany koa. 5 lahy no mandrafitra ny tarika ka Gerhard no mitendry gitara, Nanou, mpihira, Haja no mitendry ny maro afitsoka, Eric Anjaratiana mitendry gitara, ry Erik mitendry gitara beso. Hamoaka ny rakikirany voalohany izy ireo ny tapaky ny volana Febroary izao ka hira 13 no ao anatiny. Nandritra ny resaka nifanaovana tamin'i Nanou dia ho marihan'izy ireo amin'ny alalan'ny fampisehoana sy cabaret ao amin'ny Karibo Hotel etsy Analakely ny 18 Febroary izao ny fivoahan'ity rakikira ity. Raha ny fanazavana, hizara roa ny fampisehoana ka ny tapany voalohany amin'ny maha kabare azy dia hindrana hiran-dRy Europe, Dream Theater, Abba, the Eagles, Rod Stewart, bon Jovi, Queen, Gun's Roses, Iron Maide, The Police ry zalahy. Any amin'ny tapany faharoa kosa no hitondran'izy ireo ilay hira anaty rakikira.

**Hira 13 manambara fitiavana**

Ny hira 6 amin'ity rakikira vaovao sady voalohan'ny tarika Zovy ity dia "Video" izay ahitana an'ilay hira hoe "*Sipa be vinany, Mila anao, Ny Hafatro, Tena tia, Todin'ny Fitia, Tsy anjara*". Ny 7 kosa dia hira fotsiny (audio) izay ahitana " *Firaisan-kina, Sipa be vinany, Mila anao, Ny Hafatro, Tena Tia, Todin'ny Fitia, ary Tsianjara*". Notsongaina manokana tamin'ireo hira 120 noforonin'i Nanou ireo ary mifanandrify tsara amin'ny filan'ny olona amin'izao fotoana izao raha resaka mozika no tenenina. Antaonany ihany koa no nanomanana azy mba ahazoana kalitao tsara sy mifanaraka amin'ny toetr'andro. Araka ny tonon-kira moa dia ny fitiavana sy ny tontolony ary zava-misy eny amin'ny fiarahmonina no tena resahan'ny tarika Zovy any anaty tonon-kirany any.

**Tiaray R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Tsy misy fiainana lavorary fa samy manana ny vesatra sy ny olana mianjady amin'ny tenany avokoa. Indro teny atsipy : aoka samy hitady lalana ivoahana amin'ny olana rehetra."

**Ny Vetso (03. 06. 15)**

("Nobody has a perfect life. Everybody has their own problems. Some people just know how to deal with it in a perfect way.")

**Tsaroako ilay...**

Haja (Telofangady)

# Manao vedety eo anoloan' ny garan'i Toamasina

***Haja. Mpamoron-kira, mpihira, mpitendry, filoha mpanorina ny tarika Telofangady. Izy no hitantara amintsika ny sombin'ny fahatsiarovany eto anio. Sombiny satria marobe ny fahatsiarovana nanamarika azy, hatreto ka hatrany Toamasina tany nahalatsahan'ny tavoniny sy naha lehibe azy. Anisan'ny vaovao lehiben'ny tarika ato ho ato, ny fiketrehana ny fandehanana hitety faritra any ivelany. Ho resahantsika manokana iny, fa ny fahatsiarovana aloha no andeha asian-teny :***

**Manondrana voninkazo iray « wagon »**

Kamboty ray mbola kely i Haja. Roa ambin'ny folo mianadahy izy ireo no iray tampo, ka izy no farany. Manaraka an-dreniny miakatra mitondra voninkazo no tena fahafinaretany tamin'izany. Na rehefa tsy afaka mandeha noho ny fianarana, dia manafatra kabosy na gitara na valiha amin-dreniny. Vao 5 taona monja mantsy izy no maty ny rainy, ka ny reniny no namelona azy ireo. Fambolena sy fivarotana voninkazo no nameloman'ny reniny azy. Nalaza tamin'izany famarotana voninkazo ambongadiny izany Ramatoa Rahelimalala Fleuriste tao amin'ny Cité Adventiste Toamasina izany. Mamatsy an'i Toamasina sy Antananarivo izy, ka teo amin'ny René Depuis Analakely no mpandray ny voninkazony. Isankerinandro manofa kalesin-dalamby (wagon) iray mihitsy ny reniny hitondra voninkazo miakatra aty Antananarivo.

**Gitara kely mankarenin-tsofina**

Anisan'ny nanamarika ny fahazazany ny fitiavany mitendry kabosy sy gitara ary valiha ireny. Fitiavana nitsiry tao anatiny fotsiny io fahazaza, ka tsy namelany ny reniny raha tsy mitondra ireo zavamaneno ireo ho azy rehefa miakatra aty Antananarivo. Tsy misy mampianatra mitendry izy tamin'izany, fa dia lalaoviny amin'izay hahazoany azy eo ireo zavamaneno ireo. Noho izy tsy mahafehy ilay fitendrena dia leo ireo zokiny ka miteny azy matetika : « *ajanony any ny gitaran'ialahy fa mankarenin-tsofina* ». Fitenin'ireo iray tampo aminy ihany koa tamin'izany ny hoe : « *tsy hahalasa lavitra an'ialahy io gitara io, fa mianara* ». Nisy fotoana tokoa mantsy, variana tamin'ny zavamaneno i Haja, ka somary taraiky kely tamin'ny fianarana. Taorian'izay vao niezaka nianatra fa bedy dia tafita tamin'ny fianarana ihany ary nahazo ny bakalorea tany Toamasina vao niakatra taty amin'ny Oniversten'Antananarivo.

**Manao vedety eo anoloan'ny Gara**

Tamin'ny fotoan'andron-dry Haja, dia mbola vitsy ny ankizy nahay nitendry gitara. Nampitsiriritra azy mihitsy izany, ka niezaka mafy ny lehilahy nianatra nitendry. Vao mirava avy any am-pianarana, aterina mody ny kitapo, maka gitara dia lasa miaraka amin'ny namana eny ambony tamboho. Rehefa nahay nitendry tsara, dia lasa amin'izay mampidera fahaizana manao vedety eny anoloan'ny garan'i Toamasina rehefa harivariva iny. Tomefy olona ny gara rehefa akaiky higadona iny ny fiaran-dalamby. Misy tarika roa eo izy ireo no matetika mifaninana eo. Bandy 5 lahy eo no mpiaradia amin'i Haja, ka hiran'i Mahaleo ireny no tena fitendrin-dry zalahy tamin'izany. Miaraka amin'ny korintsana sy ny kabosy ary gitara dia raikitra ny hirahira jeren'ny mpiandry fiaran-dalamby. Tsy hitady vola no tanjona tamin'izany fa hanao vedety amin'ny sipa fotsiny !

**Namorona tarika Tsiry**

Artista maromaro fanta-daza ankehitriny no azo lazaina indray niainga tao Toamasina tamin'ny andron-dry Haja. Mpinamana sady niara-nianatra i Bobo (Mahavanona) sy Haja. Naman'izy ireo ihany koa ry Vahatra sy ry Luk sy Sefo (Johary). Nifampiresaka ry zalahy ireto tamin'izany hoe andao hanangana tarika iray. I Haja no nanda voalohany, satria samy mpamoron-kira daholo izy ireo, ka hoe aleo samy manangana tarika ho azy manokana. Dia nanangana ny tarika Tsiry i Haja tarika nanao hira madinika io, fa tsy bagasy ohatran'ny an'ny Telofangady. Ry Vahatra nanana ny azy ; i Benja namorona ny Mahavanona ary ry Luk sy Sefo nanangana ny Johary.

**Fy**

Fikambanana Fy Tia Havana

# Mikarakara hetsika roa hanamarihana ny fetin'ny mpifankatia



Mikarakara hetsika roa samihafa ny fikambanana Fy tia Havana hanamarihana ny fetin'ny mpifankatia indray. Hetsika efa fanaon'izy ireo isan-taona moa izy io rehefa tonga ny fetin'ny mpifankatia. Tafiditra ao anatin'ny andiany fahafito izany ankehitriny ary amin'ity andiany ity dia "fanavaozam-pitia" no lohahevitra nosafidian'izy ireo indray. Mila havaozina isan'andro mihitsy ny fitiavana mba hampaharitra azy ka izay no antony nisafidianan'izy ireo izany. Entanina avokoa na ny efa manambady, na ny tsy mbola ho avy hanatrika izany, tsy mifidy finoana ihany koa fa afaka manatrika izany daholo ny rehetra. Ny hetsika voalohany moa dia ho atao ny talata 14 fébroary izao amin'ny roa ora tolakandro ao amin'ny TCC Analakely izay iarahana amin'ny mpitandrina Roussel Rakotoarimanana sy i Zoky Heriliva Razafimanantsoa ary i Zoky Solofo Raharifera. Hisy fampianarana ho ataon'izy ireo ao mandritra izany. Ny hetsika faharoa kosa dia ho atao ny zoma 17 febroary amin'ny valo ora alina ary aharitra mandrapaharain'ny andro izay ho tanterahana ao amin'ny Cafétéria Assemblée Nationale. Ity hetsika faharoa ity koa dia iarahana amin'i Zoky Heriliva Razafimanantsoa sy Zoky Solofo Raharifera. Hisy ny fampianarana ary hisy koa ny fampisehoana izay iarahana amin' ny Hosana Ambohijatovo Fitiavana sy ny Afaka Ankadikely Ilafy. Samy tsy misy vidim-pidirana moa ireo hetsika roa ireo fa ilay hatao ny zoma kosa no mila maka karatra famandrihan-toerana satria voafetra ny toerana. Afaka manao famandrihan-toerana ao amin'ny pejy fesibokin'ny fikambanana Fy Tia Havana manomboka izao izay ho avy hanatrika izany. Marihana moa fa feno 8 taona amin'ity taona ity ny fikambanana ka dia mikarakara zavatra miavaka ihany koa izy ireo mba hanamarihana izany. Raha tsiahivina kely, dia fitambarana mpivady resy lahatra ny amin'ny maha zavadehibe ny tokantrano araka an'Andriamanitra no mandrafitra ity fikambanana ity ary miara-miasa amin'ny mpitandrina maromaro izy ireo. Mpivady miisa telo izy ireo miaraka amin'ny zanany tsirairay no mpikambana ao anatin'izany. Hitaona ny mpivady mba hanamasina ny tokantrano fa tsy hijanona eo amin'ny soratra fotsiny no tena fototra ijoroan'ny fikambanana. Mitarika ny tanora mba handeha amin'ny lalan' ny fahamasinana ihany koa izy ireo rehefa hiditra eo amin'ny sehatry ny fitiavana izany koa. Ankoatran'ity hetsika indray mandeha isan-taona ity dia fanaon'izy ireo koa ny mikarakara mariazy miara-mizotra.

**Tanya.R**

FJKM Ambodihady vaovao

# Hanomboka rahampitso ny iray volan'ny Sampana Sekoly Alahady

Efa voapetraka avokoa ny fandaharam-potoana mikasika ny iray volan'ny Sampana Sekoly Alahady ao amin'ny FJKM Ambodihady vaovao Ambohimanarina. Rahampitso maraina no hanokafana izany amin'ny fomba ofisialy. Raha araka ny fanazavan'ny Prezida Rivo na Andrianalimanana Rivonjato, filohan'ny Sampana Sekoly Alahady dia fotoam-bavaka lehibe tarihin'ny Mpitandrina Andriamampianina Zo Nantenaina sady birao ny Sampana Sekoly Alahady Foibe no hitondra ny tenin' Andriamanitra ny maraina. Ny hariva kosa dia ny hetsika "Baiboly sy kolontsaina mivantana" miaraka amin' ny Mpankafy an'i Kristy avy ao amin' ny Radio Vaovao Mahasoa. Hitohy ny Alahady 12 febroary ny hetsika ka ny 12 trano ao amin' ny FJKM Ambohimanandray no handray izany manomboka amin'ny 3 ora tolakandro, ary aorian' izay dia hisy ny fitoriana an-kira iarahan'ny Antoko Mpihira Ny Koraita sy ny Sekoly Alahady Mihira Ambodihady. Ankoatra izay dia hisy ny fampianara tenin'Andriamanitra miompana amin'ny lohahevitra maro ka hahazo ny tandrifiny azy avokoa ny sokajin-taona rehetra.

*Hanolotra seho miavaka mikasika "Ny Baiboly sy kolontsaina" ny Mpankafy an'i Kristy avy ao amin' ny Radio Vaovao Mahasoa*

**Herinandron'ny Fianakaviana**

Mifanandrify indrindra amin'ny herinandron'ny fianakaviana izany ka ny Alatsinainy 13 no hisantarana ny fampianarana. Mpitandrina maro avy amin'ny fiangonana samihafa no handray anjara fampianarana ka anisan'izany ny Mpitandrina isany Rakotoarimanana Nirina, Rahaingonjanahary Rodolphe Mpitandrina Andriambalohery Hasina Prezida Synodaly Antananarivo Andrefanavitra Raveloson Mamy Rahaingonjanahary Rodolphe ary hamarana ny famelabelarana ny sabotsy 18 ny Mpitandrina Raveloson Mamy mahakasika ny tokantrano sy fianakaviana . Amin'io Asabotsy io dia hisy ihany koa ny Tafika Masina iarahana amin' i Zook David's izay hanomboka amin'ny 10 ora maraina. Ho famaranana ny hetsika ataon'ny Sekoly Alahady ny Alahady 26 dia ny Mpitandrina Razakarivony Charlot Patricien, Tonia ny Sampana Sekoly Foibe no hotondra sy hitarika ny fotoampivavahana.

**Tiaray R**



Hetsika maro no hanamarihana ny iray volan'ny Sampana sekoly alahady hoy ny Prezida Rivo.

Misaona ny kanto Malagasy

# Nodimandry i Narda Salohinjanahary mpihiran' ny Nisea Sinfonika



Nodimandry vokatry ny aretina nahazo azy i Narda Salohinjanahary

Roa taona izay no lasa mpihira fototra ao amin'ny tarika Nisea mpiangaly mozika metaly Sinfonika i Narda Salohinjanahary fantatry ny maro amin'ny anarana hoe Missa. Mialoha izany dia mihira ara-pilazantsara sy hira madinika izy ary any ambadika any dia mankafy ny hay haingo sy endrika amam-bika ihany koa izy. Mbola vao herotrerony i Missa kanefa manana ny maha izy azy teo amin'ny tontolon'ny hira. Miavaka ny feony ary mifanaraka tsara amin'ilay metaly. Izany indrindra no nahatonga ny tarika Nisea handray azy amin'izy ireo. Niseho sehatra tetsy amin'ny kianjan'ny kanto nandritra ny "Festval Rage of rock" izy ny taondasa teo ary teo no nahatsapana fa manana ny hoaviny tokoa i Missa. Nanakoako tamin'izany ilay hira hoe "Foko vato". Raha ny herijikany dia ho lasa lavitra amin'io taranja mihitsy izy saingy tsy izay ilay fandaharana. Noho ny aretina nitaiza azy dia nodimandry ity hoavin'ny gadona metaly ity. Na teo aza ny ala-nenina tamin'ny fitondrana azy tany amin'ny toeram-pitsabaoana dia tsy nahatana ny ainy izany. Very olo-manga ny kanto malagasy ary anisan' ny mitanondrika amin'izany ny mpiangaly ny Rock sy Metaly indrindra moa ireo mpiray tarika aminy ao amin'ny Nisea. Ny tarika Nisea Sinfonika moa dia niforona tamin'ny taona 2011. Ny taona 2014 izy ireo no namoaka ny rakikirany hoe " Alohan'ny Hikipiako". Rojo no mpihira tamin'izany, Gaston teo amin'ny vata maro afitsoka, Tahina mitendry gitara, Anthony mively ny aponga maro anaka ary Saina mitendry Gitara Beso. Hatramin'ny fotoana nanoratana dia mbola tsy fantatra izay andro sy fotoana hanatanterahana ny fandevenana.

**Tiaray R**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Lamba isan-karazany, machine, bisikileta, cahier, TV, entana an-dakozia sns. M. Sarah. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 459/8-3)

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, lamba, kiraro, TV, debara sns. Tél : 033.72.834.38 / 034.22.160.88. (G-BA 460/20-2)

* Mividy kilalao, kiraro, poketra, tele, radio, korontana, débarras. Cause départ. Tél : 034.68.141.74. (G-BA 462/6-1)

### COURS

* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 458/4-4)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, nettoyage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 457/6-5)

* Vidange wc & puisard... construct° & réhabilitat°. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 461/5-2)

### VIDANGE

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast. Azo hifana rahana tsara. Tél : 034.36.128.35. (G-BA 452/15-10)

Anosipatrana

## Rongony 12 fonosana hita nafenina tao anaty akanjo



**Ilay mpivarotra rongony.**

Rangahy iray 56 taona mpivarotra sy mpamatsy rongony no voasambotry ny polisy misahana ny ady amin'ny zava-mahadomelina Anosy teny Anosipatrana afakomaly tokony ho tamin'ny 8 ora latsaka fahatelony. Nahafantatra mikasika ny fisian'ny olona mivarotra sy mamatsy rongony eny an-toerana ny polisy ka avy hatrany dia nidina teny an-toerana ary nanao vela-pandrika mba hisamborana io olona io. Ka tratra teo amin'ny sisin-dalana akaikin'ny tamboho iray ity lehilahy ity ary nandritra ny fisavana no nahitana rongony 12 fonosana nafenina tao anaty akanjo teny aminy. Nentina tany amin'ny biraon'ny polisy izy taorian'ny fisamborana. Fantatra fa sady mivarotra no mifoka rongony ity rangahy ity. Mahalafo rongony 10 fonosana isanandro izy. Roa taona no nifohany io zava-mahadomelina io ka nolazainy fa noho ny adim-piainana no nahatonga azy ho nifoka izany. Noho ny tsy fananana asa indray no nolazainy fa nahatonga azy nivarotra rongony nandritra izay dimy volana izay. Misy olona manatitra izany ao aminy izay tsinjarainy amidy amin'ny fonosana avy eo. Efa nigadra noho ny resaka fivarotana rongony ity lehilahy ity ary 11 taona lasa izay no nivoahany fonja. Taorian'ny famotorana teo anivon'ny mpitandro filaminana dia natolotra ny fampanovana omaly ny raharaha.

**T.H**

Miarinarivo

## Fasana vaky, razana 54 tsy hita

Fasana telo no nisy namaky tao amin'ny tanànan'i Mahatsinjo, fokontany Antanambao Atsimo distrikan'i Miarinarivo.Tsy fantatra mazava ny andro nangalaran'ireo tsy mataho-tody ny razana fa mpiandry omby no nahita ny fasana efa nisokatra ny alakamisy maraina teo. Nampandre ny tompon'ny fasana sy ny fokonolona avy hatrany ilay mpiandry omby. Rehefa natao ny fizahana ny fasana dia razana 54 no lasan'ireo mpangalatra taolam-paty. Tsy dia mifanalavitra ireo fasana telo ireo fa mifakaiky tokony ho 100 m avy ary milahatra. Notetezin'ireo mpangalatra ny fasana telo ary nangalan'izy ireo taolam-balo maromaro avy ka naparitany ireo izay tsy nilainy. Araka ny fantatra dia fasana vao avy nandevenana ny iray tamin'ireo. Marihana moa fa tsy lavitry ny renivohitr'i Miarinarivo io toerana nitrangana vaky fasana io. Mihorohoro ny mponina any an-toerana amin'izao fotoana izao. Nanapakevitra araka izany ireo vatan-dehilahy any Miarinarivo sy ny manodidina ny hanao fiambenana ny fasan'izy ireo isankalina.

**Rablaise**




**PRIERE AU SACRE CŒUR**

*Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.*

Dites cette prière 6 fois/jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

*Remerciements au Sacré-Cœur pour faveurs obtenues.*

G-CL 419/1-1 04/02/23 MONIQUE


CHAN 2022

# Laharana fahatelo aty Afrika ny Barea de Madagascar




**Ravo sy tretrika ny mpilalao Malagasy niravaka ny medaly alimo, ary efa manitsaka ny tokontanin'ny ngeza.**

Baolina votsotra, teny ampelan-tanan'ny mpiandry tsatoby mialoha ny minitra vitsy tsy hifaranan'ny lalao, no nararaotin'i Jean Yves nodakana, ary tafiditra soa aman-tsara, ka nitondra ny Barea de Madagascar tamin' ny laharana fahatelo, nandrombahany ny medaly alimo amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny CHAN 2022, tany amin'ny kianjan' ny Oran (Algérie). Tao anatin' ny hafaliana tanteraka no nandraisan'ny mpilalaontsika rehetra sy ny tekinisianina ny medaly natolotry ny Filohan'ny CAF, Atoa Patrice Motsepe. Taty Madagasikara ihany koa dia dibon-kafaliana ny Malagasy rehetra, izay nivoaka teny andalambe sy toerana malalaka, naneho ny hafaliana. Nametraka ny tantaran'ny baolina kitra Malagasy voalohany eo amin'ny sehatra afrikana ry Ando (kap), nisolo ny toeran'i Datsiry, sy ry Nina, izay anisan'ny mpiandry tsatoby nikoizana tamin' ity CHAN ity. Mbola voahosotra ho mpilalao mendrika sy mahay indrindra tamin'ny famaranana kely indray i Dax, izay tsapa fa nanome hery ny namany hatramin'ny faran'ny lalao. Teo amin'ny fizotran'ny lalao tamin'ny ankapobeny, dia nanantombo tamin'ny lafiny rehetra mihitsy ny ekipa Malagasy, nanoloana ny Mena-n'i Niger, izay nihanona tamin' ny valim-panafihana haingana sisa. Raha tafiditr' i Tsiry ny baolina voalohany, mialoha ny hialana sasatra, dia tsy nisy nampitaintaina iny fihaonana iny fa mety nirarakompana ny baolina tafiditra. Marihina fa nosoloin' i Rakotondrabe Romuald « Roro » ny ankamaroan'ny mpilalao tompon-toerana, toa an'i Rakool sy Tantely ary Avotra « Dadafara», izay tsy afaka nilalao mihitsy fa mbola notazomin'i Naina Avizara ny toerany tao amin' ny vodilaharana havia, ary deraina etoana fa nasehony ny talentany ka hinoana fa ho tapitra hatreo ny fanakianana azy. MISAOTRA BAREA. Miomana isika eto Madagasikara fa tsy Antananarivo irery ihany, hitsena an'ireo maherifontsika rahampitso, ary hiaraka hitotorebika eny amin'ny kianjan'i Mahamasina.



**aris rafaly**


**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :


## Manal azy de mimeme



Ambohimanjaka

# Taksiborosy nilatsaka tany anaty hantsana, 1 maty, 5 hafa naratra

Nisehoana lozam-pifamoivozana omaly tokony ho tamin' ny 4 ora sy sasany maraina teo amin'ny toerana antsoina hoe Andranotakatra kaominina Ambohimanjaka. Fiara taksiborosy sprinter iray no nivarina tany anaty hantsana ka lehilahy iray mpandeha no maty ary dimy no naratra vokatr'izany. Araka ny fanazavana azo, avy aty Toliara ho aty Antananarivo ity fiara ity no niala lalana ka dia nivadika tany anaty tanimboly tamin'ny sisin-dalana havanana ka nitarika fahafatesan'ny mpandeha iray sy fahara-tran'ireo olona vitsivitsy tao anatiny. Nahitana fahasimbana goavana ihany koa ilay fiara sprinter. Araka ny fanazavana azo avy amin'ny mpitandro filaminana dia noho ny fandehanana mafy sy tratran'ny torimaso fotsy ny mpamily ka tsy nahafehy ny familiana intsony ny antony nahatonga ny loza.



Taksibrosy tra-doza.

**Namonjy voina**

Raha vao nandre mikasika izany zava-niseho izany ny zandary avy ao amin'ny tobim-paritra Ilaka centre dia nandeha nidina ifotony tany amin'ilay toerana nisehoan' ny loza namonjy voina ary sy nanao fitsirihana. Ka efa nentina namonjy toerampitsaboana tao amin'ny CSBII Ambohimanjaka ireo olona naratra ireo ary efa nahazo fitsaboana sahaza avokoa. Efa nentina tany amin'ny biraon'ny zandary ny mpamily ny fiara niharandoza ary notanana tao izy. Mitohy ny famotorana ataon'ny mpitandro filaminana.

T.H

Antsohihy

# Fatin-dehilahy nifatotra ny tanany sy voakapa zava-maranitra

Nahitana fatin-dehilahy tokony ho 30 taona tany amin'ny toerana antsoina hoe Ambovombe kaominina Anjiamangirana any amin'ny distrikan'Antsohihy afakomaly. Tao anaty tatatra manamorona ny lalam-pirenena fahenina no nahitana io razana io. Mivokona ary mifatotra tady satrana ny tanany, voakapa zava-maranitra ny tendany. Mbola niakanjo izy tamin'io fotoana nahitan'ny nanatri-maso ny razana io. Nitangorona ny olona tany an-toerana raha vao nahita ity faty ity ary nisy ihany koa no nampilaza ny mpitandro filaminana avy hatrany ka raha vao nandre mikasika ity zavaniseho ity ny zandary dia nandeha nidina ifotony tany an-toerana niaraka tamin'ny dokotera avy ao amin'ny CSBII Anjiamangirana nanao fizahana. Araka ny filazan'ny fokonolona tao Ambovombe nandritra ny fahatongavan' ireto tomponandraikitra tany dia fantatra fa ny voalohan'ny volana febroary hariva teo no nisy mpanara-dia omby very avy any Ambondromasina any amin'ny kaominina Ambodisakoana distrikan'i Boriziny natory tao an-tanàna.

**Nosamborina**

Fantatra fa omby 15 no very arahin'izy ireo. Tokony ho tamin'ny 11 ora alina, hitan'izy ireo nisy telo lahy nandroaka omby 15 nanaraka arabe ka rehefa hitan'izy ireo fa ireo omby arahiny ireo noroahin' izy telo lahy ireo dia nosamborina ireo mpandroaka omby. Ny lehilahy iray ihany no azon'ireo mpanara-dia fa tafatsoaka ny roa. Taorian' izay dia novonoin'ireo mpanara-dia io lehilahy tratran'izy ireo io ary lasa nandeha nody niaraka tamin'ireo omby 15 izy ireo. Fantatra fa avy any Antsabanera fokontany Ambodisakoana io olona maty io. Efa natolotra ny fokonolona halevin'izy ireo ny razana.

T.H

Farafangana

# Natelin'ny ranomasina ilay lehilahy nandeha lakana

Tohin'ny tranga kanôty iray tra-doza tapaka tady ka lasan'ny ranomasina tao Anosinakoho, kaominina sy distrikan'i Farafangana, ny alarobia hifoha alakamisy teo. Raha zohina ny niafarany dia olona roa no avotra soa aman-tsara fa iray kosa namoy ny ainy. Anisany velona ilay antsoina hoe Radelisy. Ity farany izay tsy niala tao anaty lakana mihitsy fa niandry fanavotana. Ilay namany kosa na i zafy araka ny fanazavan-dRadelisy dia nitsambikina nanaraka an'i Floret kanjo namoy ny ainy. Rehefa natao moa ny fizahana dia hita fa misy maratra teny amin'ny lohany ary mivoaka rà ny sofin'ilay namoy ny ainy. Raha ny fanazavana azo avy amin'ireo mpitsabo dia mety ho nisy fifandonana tamin'ny vato tao anaty rano izy nandritry ny fotoana nitsambikinana ny lakana ka izany no nahavoa ny lohany, mety antony niteraka fahafatesany. Tsiahivina fa kanôty niantsona teo min'ny ranomamy ity nivaha tampoka ity ny tadiny. Ankoatra ireo olona ireo dia nisy entana sy saribao 20 gony tao. Izany hoe telo lahy izy ireo no tao anaty lakana ka i Floret ilay nitsambikina voalohany tody teny antanety fa i Zafy nanaraka azy nitsam-bikina ity namoy ny ainy ity. I Radelisy kosa nijanona tao anaty lakana hatramin'ny farany ka tafavoaka velona. Mbola tavela any an-dranomasina ilay kanôty nitondra azy ireo amin'izao.



Velona soa aman-tsara Radelisy.

Ariel D.

Soanierana Ivongo

# Vavy tokan'ny reniny, maty lasan'ny ranomasina

Natsingevan'ny rano omaly ny nofo mangatsiakan'ilay ankivavy sahabo ho 9 taona antsoina hoe Razafindrasolo Sabrina Ania, monina ao Soanierana Ivongo. Natelin'ny ranomasina ity zaza ity, raha iny izy nandeha niaraka nilomano tamin'ny namany, afakomaly alakamisy. Niezaka nanavotra azy ihany ireto ankizy namany saingy votsotra ny tanan'ny Sabrina rehefa nosintonina, izao lasan'ny rano izao. « Nirahana nandeha naka « speaker » izahay fa hianatra mandihy. Teny an-dalana dia nivily lalana satria nisy renirano tamin'ny lalana nandalovanay ka lasa nandro teo aloha izahay. Rehefa niditra tao dia naheno fofona maimbo be tamin'ilay renirano. Nony avy eo dia nisafidy handeha hilomano tamin'ny ranomasina akaiky teo ihany. I Sabrina no niditra teny amin'ny lalina fa izahay kosa tety amoromorony ihany. Voasinton'ny rano anefa izy ka niantso vonjy saingy io tsy avotra io na dia niezaka navotana : hoy ny fijoroana vavolombelona nataon'ireo namany izay nahita sy nanatri-maso ny zava-nisy.

**Mpianatra**

Afakomaly tokony tamin'ny 3 ora sy 50 minitra tolakandro no naharay antso mikasika ity raharaha ity ny zandary Brigady Soanierana. Voalaza tamin'izany fa nisy ankizy maromaro nandeha nilalao teo amoron-dranomasina ka nentin'ny ranomasina ny iray. Mpianatra ao amin'ny EPP Soanierana Ivongo io zaza io ary monina ao amin'ny fokontany Andatsadrano » araka ny loharanom-baovao hatrany. Marihina fa omaly maraina vao hita ny vatana mangatsiakan'ilay zaza ary nahitana ratra ny masony sy ny endriny. Taorian'ity tranga ity dia nanao fanentanana ny mpiray monina ny mpitandro ny filamianana tao an-toerana mba ho mailo hatrany ny rehetra amin'izao vanim-potoana fahavaratra izao ,indrindra rehefa ratsy tahaka izao ny toetr'andro.

Ariel D.



Tamin'ity toerana ity no nitrangan'ny loza.

## Tatsy sy taroa

***# Voasambotry ny zandary avy ao Ambatolampy ireo jiolahy 4 nikasa hanafika tao Ambodiriana Kaominina sy distrika Ambatolampy*,omaly.** Tratra teo am-piomanana hangalatr'omby sy hanafika olona mpanambola iray ao anatin'ny fokontany Andohafarihy ireo jiolahy. Sarona tany amin'izy ireo ny Basy vita gasy iray sy bala, ary fitaovampiadiana toy ny antsibe, vy maranitra sy ody gasy….sns. Hita mihitsy hoe vonona ny handroba ary heverina hamono olona ireto jiolahy ireto raha jerena izao fitaovana nentin'izy ireo izao.

***# Lehilahy iray tratra nangalatra kisoa no tratran'ny fokonolona tao Tsimanao, kaominina Ivato Centre, distrika Ambositra, ny faran'ny herinandro teo.*** Naratra mafy ilay olon-dratsy ka nentin'ny fokonolona tany amin'ny hopitaly saingy tsy tana ny ainy. Araka ny hita dia nisy ratra diam-pamaky lehibe ny tampon-dohany. Voalazan'ny fokonolona fa namaly azy ireo moa io olon-dratsy io ka teo no raikitra ny fifandonana, nahatonga ny ratra nitarika ny fahafatesany. Tsy mbola fantatra ny mombamomba ilay olon-dratsy ary tsy misy mahalala azy ny mponina manodidina. Noho izany dia napetraka ao amin'ny hopitaly I ny razana mandram-pahatonga ny fianakaviany haka azy. Misokatra ny fanadihadiana izay raisin'ny zandary tobimparitra Ivato Centre.

Ariel D.

midigazetikom@gmail.com

**Minisitry ny fiarovam-pirenena**

# "Iray ny Foloalindahy ka tokony hiray hina ho tombotsoan'ny firenena"

*Nosafidiana manokana ny manodidina ny Toby 213 any Arivonimamo ho tohin'ny fambolen-kazo tamin'ny taon-dasa.*



Ny Minisitra Fiarovam-pirenena sy ny Talen'ny kabinetra ary ny sekretera jeneraly eo anivon'ny Ministeran'ny raharaham-bahiny.

Naneho ny firaisan-kina nanatanteraka fambolen-kazo teny amin'ny Toby famaharan'ny Tafika an'habakabaka « Base213 » Arivonimamo ny fianakaviamben'ny Foloalindahy, ny avy eo anivon'ny Ministeran 'ny Fiarovam-pirenena sy ny Minisiteran' ny raharahambahiny,omaly. Ny Jeneraly Richard Rakotonirina Minisitry ny fiarovam-pirenena sady Minisitrin'ny raharahambahiny mpisolo toerana no nitarika ny ekipa teny an-toerana. Lalantsaina tiany hampitaina ny fiombonan'ny samy olompirenena tomponandraikitra, indrindra amin'ny maha Minisitra azy amin'ireo andrim-panjakana roa ireo. Nampahatsiahy ny andraikitry ny Foloalindahy ny tenany eo lafin'ny fiarovana ny tontolo iainana, ny fiarovana ny vahoaka sy ny fananany. Nambarany fa ny fambolen-kazo dia adidy ny olom-pirenena rehetra ary manana tamberin'adidy amin'izany ny Foloalindahy. « *Velirano faha-10 ny hetsika ataontsika izao, araka ny veliranon' ny filoham-pirenena. Raha jerena avy eny ambony habakabaka dia mampihetsim-po tokoa ny fahitana ny fahasimban'ny ala. Raha tsy hilkaza isika fa ny ala baobab any atsimo andrefana dia ringana. Izany anefa dia mitarika ny fiovaovan'ny toetr'andro izay ambana goavana atrehan'ny olona maneran-tany. Nohon'ny fahasimban'ny tontolo iainana eto Madagasikara ihany koa dia manentana ny rehetra amin'ny fandraisana anjara mavitrika hamerenana indray an'i Madagasikara ho Nosy maitso. Izao ihany koa dia mampiseho ny firaisam-pon'ny foloalindahy sy ny mpiasa rehetra eo anivon'ny Minisitera. Fihetsika ahafahana mampita hafatra toy ny fahaizana miara-monina, fanehoana firalahiana sy fiarahana mijery ny tombotsoa ambonin' ny firenena ary fitsinjovana ny tontolo iainana ho lovain'ireo taranaka izao fihetsika izao. Ilaina miaraka miasa sy miray hina isika mba hahavita zavatra tsara* » :hoy ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena ny Jeneraly Richard Rakotonirina.

### Zanakazo 9700

Ho an'ny omaly dia ambohimpihaonan'ny Foloalindahy malagasy sy ny mpiasa sivily ao amin'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena ary ny minisiteran' ny raharahambahiny, niaraka tamin'ireo tomponandraikim-panjakana sy olom-boafidy avy ao amin'ny Faritr'Itasy. Zanakazo 9700 no novolena tamin'ny velaran-tany mahatratra 10 ha. Nitotaly 5 700 ny zanakazo fihinam-boa izany hoe mamokatra voankazo ary 2 100 ny zanakazo haingam-paniry ary zanakazo ala ny 1 900 ambiny. Nosafidiana manokana ny manodidina ny Toby 213 any Arivonimamo ho tohin'ny fambolen-kazo tamin'ny taon-dasa. Marihana fa maniry tsara avokoa ny 80 % ireo hazo novolena tamin'ny taona lasa teo. Nisy ny fikarakarana sy ny fanarahamaso nataon"ireo miaramila ny fambolena tao an-toerana ka izao nitohy izao. Nosafidiana ihany koa ny *"base aérienne 213"* mba ho fiarovana ity toerana ity amin'ny maha toby lehibe azy. Ankoatr'izay dia tanjona ny hanatevina ny ala handrakotra ny tanety any amin'ny Faritra Itasy hamelomana indray ireo farihy lehibe any amin'iny faritra iny.

« *Faty antoka mihoa-pampana no ateraky ny fahasimban'ny tontolo iainana vokatry ny doro tanety. Antony iray lehibe tokony hahatsapan'ny olom-pirenena ny amin'ny tokony fikolokolonana ny tontolo iainana izany. Adidy sy andraikitra sahanin'ny miaramila rehetra ny fikajiana ny tontolo iainana sy ny fiarovana ireo harena voajanahary ao aminy izay mifanindrandalana amin'ny fiarovana sy fampandriana fahalemana* » : hoy kosa ny lahatenin'ny Amiraly Ranaivoseheno Antoine De Padoue, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena.

### Fitonina

Nitarika ity fambolen-kazo ity ny Minisitry ny fiarovam-pirenena sady Minisitry ny Raharaham-bahiny mpisolo toerana, ny Jeneraly Richard Rakotonirina sy ny Sekreteram-panjakana miadidy ny zandarimaria, ny Jeneraly Serge Gellé ary ny lehiben' ny Etamazaoron'ireo Tafika, ny Jeneraly Sahivelo Lala Monja Délphin niaraka tamin'ireo tomponandraikitra ambony eo anivon'ny Foloalindahy sy ny Ministeran'ny raharahambahiny. Anisany tanjona kendrena tamin'ity hetsika ity dia ny fanehoana fa iray ny Foloalindahy, iray ny mpitandro ny filaminana ary mpiaramiasa akaiky ihany koa ny andrim-panakana hafa ka tokony hiray hina hatrany ho tombotsoa ambony ny firenena ary ho fiarovana ny fiandrianam-pirenena. Tsy mora ny asan'ny Miaramila, zandary sy ny polisy satria miatra aman'aina. Noho izany dia hapetraka izao mba ho fitiavana tanindrazana ary hapetraka ho dimbin'ny taranaka. Teny filamatra nentina tamin'izao fambolen-kazo 2023 izao kosa ny hoe « *Izay mamboly hazo mamelona aina, izay mamboly hazo mamelona an'i Madagasikara* ».

**Ariel D.**



Tanjona kendrena tamin'ity hetsika ity dia ny fanehoana fa iray ny Foloalindahy.



Namita ny adidiny namboly hazo ihany koa ny lehiben'ny etamazaoron'ny tafika malagasy.



Ireo mpiasa sivily sy miaramila , tomponandraikitry ny serasera eo anivon'ny Minisitra Fiarovam-pirenena.

Fifidianana filohan'ny Repoblika

# Nampitandrina ireo mieritreritra hanao hosoka ny CENI

*Milaza ny tsy hilefitra amin'izay endrika fandikan-dalàna manodidina ny fifidianana ny Ing. Dama Arsène.*



*«Tsy afaka ny handrara ny hosoka amin'ny fifidianana ny eto anivon'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana. Tsy hilefitra amin'ireo mieritreritra ny hanao izany anefa izahay na inona na inona endriny ary na inona na inona toerana misy azy. Misokatra ho an'ireo manana porofo manodidina izany hosoka izany ny varavaran'ny CENI. Handray andraikitra hampahafantatra ny Fitsarana mahefa mikasika izany izahay».* Izany no nambaran'Ing. Dama Arsène, Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana nandritra ny valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety nokarakarainy teny Alarobia, omaly. Ny mahatalanjona, efa hatrany am-piandohana no niteraka resabe sy ahiahy ny mety hitanilanan'io Vaomiera Mahaleotena misahana ny Fifidianana io sy ny mety hanaovan'izany rafitra izany hosoka. Ny Filohany mpikambana ao amin'ny governemanta ny andefimandriny; ny mpikambana sasany mpanohana fanjakana no nahafantarana azy; ny hafa nivadi-dela rehefa nahazo toerana... Amin'izao fotoana izao indray, maneho fahavononana hijoro amin'ny fahamarinana sy hiasa araka ny lalàna ka mampitandrina ireo mieritreritra ny hanao hosoka ny filohan'izany rafitra mpikarakara fifidianana izany. Mikasika izay resaka hosoka izay hatrany, nanizingizina ity tomponandraikitra voalohany eo anivon'ny CENI ity fa raha ny fomba fiasa sy ny rindrambaiko vaovao ampiasain'io rafitra mpikarakara fifidianana io amin'izao fotoana dia tsy hisy « doublons » na olona iray manana laharana karapanondro maromaro intsony ao anatin'ny lisitry ny mpifidy hampiasaina amin'ny fifidianana manaraka eo. Manaraka izany, nilaza ankolaka ny teo anivon'ny CENI fa tsy afaka ny hizaka-tena ireny ny firenena malagasy amin'ny fikarakarana ny fifidianana ho avy eo ary tsy azo ihodivirana ny fiaraha-miasa amin'ireo mpiara-miombona antoka iraisam-pirenena, indrindra amin'ny lafiny arabola.

**Nisedra olana**

*« Tsy maintsy hirosoana amin'ity taona 2023 ity ny fifidianana filoham-pirenena. Tsy maintsy hatao ny fomba rehetra ahitana ny vola hanatanterahana izany. Ka ankoatra ny omen'ny fanjakana dia hifampiresaka amin'ireo mpiara-miombona antoka iraisam-pirenena ihany koa izahay. Tsy hisy fifidianana hatao petatoko na tandrametaka eo fa tsy maintsy hampanarahana ny fenitra »*, hoy ny fanzavany. Farany, nampahafantatra ny fizotry ny asa fantanaterahana ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy ny teo anivon'ny CENI, omaly. Araka ny antontanisa nasionaly, tafakatra 9 675 141 ny olom-pirenena voasoratra anarana. Nomarihan'Ing. Dama Arsène tamin'izany fa nisedra olana maro ny teo anivon'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny fifidianana nandritra izay telo volana nanatanterahana ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy izay. Isan'izany ny halaviran'ny toerana nanaovana ny asa fanisana ka hatramin'izao mbola maro ireo lisitra tsy tafakatra eny anivon'ny distrika. Teo ihany koa ny fanelezana vaovao tsy marim-pototra nanakiviana ny olom-pirenena ka niteraka fisalasalana sy tsy naharesy lahatra azy ireo nisoratra anarana izany. Mikasika izay fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy izay hatrany, nomarihan'ny Fiohan'ny CENI fa mitohy hatramin'ny tapaky ny volana mey ny fisoratana anarana eny anivon' ny fokontany ary havoaka ny 10 jona kosa ny rejisi-pifidianana nohavaozina.

**Mamy R.**

FIZAFATO

# Vonona hanohana ny filoha amin'ny fijerena ny sosialim-bahoaka



Ireo mpikamban'ny FIZAFATO.

Ambohipihaonan'ireo zanaky ny Faritany Toliara ny teny amin'ny Espace Verte Ambatomirahavavy, omaly. Ankoatra ny fanaovana tatitra ny asa vitan'ny Fikambanan' ny Zanak'Ampielezan'ny Faritany Toliara (FIZAFATO) ny taona 2022 dia notanterahina teny an-toerana ihany koa ny fifampiarahabana tratry ny taona ho an'ny mpikambana. Nikarakara izany Ing. Jean Michel Henri, filohan'ny fikambanana sady Kestora voalohany eo anivon'ny Antenimierampirenena. Nandritra ny fandraisam-pitenenany, nirary soa sy nanao antso avo mba hanamafisana hatrany ny fihavanana sy ny firaisankina eo amin'ny samy zanaky ny Faritany Toliara ny tenany. Manaraka izany, nitondra ny heviny mikasika ny fanapahan-kevitry ny Filoha Andry Rajoelina hanao laharam-pahamehana ny sosialim-bahoaka ny Filohan'ny FIZAFATO. *« Tsapanay ny zava-bitan'ny fitondram-panjakana any amin'ny faritany Toliara, indrindra ny fandraisana andraikitra manoloana ny tsifanjariantsakafo na kere any Androy sy Anosy. Ankehitriny, nanapa-kevitra hanao vaindohan-draharaha ny asa sosialy ny Filoha Andry Rajoelina ka izahay FIZAFATO vonona hiarakiasa aminy hanatanteraka izany»*, hoy Ing. Jean Michel Henri tamin'izany. Manaraka izany, nanamafy ny fandraisany anjara amin'ny hetsika fambolen-kazo handrakofana ala an'i Madagasikara indray ny fikambanana. Hitohy tahaka izany ihany koa ny asa sosialy, indrindra ny famonjena sy fitsaboana ny havana tsy salama.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Maneno sahona daholo !

**Tsikaritra ho maneno sahona avokoa, sehatra rehetra misy eto amintsika. Ny sôsialy, santionany iarahamiaina ny fahasahiranana, vokatry ny tsy fahampian'ny asa mahavelona ho an'ny tanora; ny fahaverezan'asa ; firongatry ny tsy fandriampahalemana ; ny kolikoly... Tsy resahina intsony ny olan'ny fanabeazana, amin'ny ankapobeny izay mikoroso fahana na ny ambaratonga fototra na ny fampianarana ambony. Ireny niarahanahita ireny ny santionany amin'ny olana lainan'ny mpianatra satria ny rano, farafahakeliny ilaina amin'ny fianana andavanandro no ijaliana ka nahatonga azy ireo hitroatra. Ny pôlitika, milaza miara-mahita ny manaraka ny toe-draharaham-pirenena fa mizotra mankany amin'ny fifehezana ny fanehoan-kevitra ny zava-misy. Maromaro ireo sahy nanakiana ny mpitondra no nampidirina am-ponja. Eo amin'ny lafiny toe-karena, na tsy miaiky aza ny mpitondra dia tsy tako afenina noho ny fisian'ireo fitakiana mifanesisesy tato ho ato fa mandalo fahasahiranana ny kitapom-bolam-panjakana. Mbola tsy ahitam-bahaolana ohatra ny fandoavana ny volan'ireo mpandraharaha niara-niasa tamin'ny fanjakana ka nahatonga azy ireo nitaky izany nanoloana ny minisitera mpiahy. Mbola misy ihany koa ny fotodrafitrasa vita tanteraka, nefa tsy voaloa vola ka mahatonga azy ireny tsy azo nampiasaina, tamin'ny fotoana nilana azy. Hamarinin'ny tarehi-marika sy ny toerana misy an'i Madagasikara, miohatra amin'ny firenen-kafa manerana izao tontolo izao rahateo izay fahasahiranana satria mitàna ny laharana faramparany isika. Ny vahaolana izay efa aroson'ny teknisiana fa tsy misy afatsy ny fanohanana ny tantsaha sy ny famoronan'asa, farafaharatsiny, saingy toa tsy misy mihaino izy ireo !**

Voahangy Rakotozafy

Manoloana ny olan'ny lavanila

# Ahiana hangidy hoditra any Avaratra ny kandida hatolotry ny fitondrana

Adihevitra nisokatra, tato anatin'ny herinandro vitsivitsy izao ny hoe: ho tanterahina amin'ity amin'ity taona ity ve ny fifidianana Filoham-pirenena sa tsia ? Ny antony moa

*Mitaraina ho voafitaka ary manambana hitokona ny mpandraharaha any amin'ny faritr'i Sava sy Analanjirofo.*

raha horeshana ambangovangony dia noho ny fiheveran'ny mpandalina ny raharaha politika fa miankina amin'ny mety tsy ho fisian'ny hoenti-manana. Ny mpiaramiombona antoka amintsika any ivelany nefa toa mbola mitazam-potsiny na dia efa somary antomotra aza ny daty voatondro hanatanterahana izany, miohatra amin'ny asa mbola tokony hatao. Antony iray hafa ahiahian'ny mpandalina ny toe-draharaham-pirenena hatrany dia mety kajikajy pôlitika. Raha eny no valin'io fanontaniana napetraka eo ambony io dia ahiana hangidy hoditra any amin'iny faritra avaratry ny Nosy iny ny kandida hatolotry ny fanjakana. Antony, misedra olana ireo mpandraharaha lavanila any amin'iny faritra Sava sy Analanjirofo iny, noho ny famerana ho 200 000 ariary ny ividianan'ny mpanondrana any ivelany ny iray kilao amin'io vokatra io, raha avo telo heny ny saran'ny kalitao tsara tany aloha.

**Maro no milaza ho voafitaka !**

Na izany aza anefa, araka ny fitarainan'ny mpandraharaha dia tsy misy mividy ihany ny vokatr'izy ireo. Manoloana izany dia voatery nandroaka mpiasa ny ankamaroan'ny orinasa mpanao lavanila. Ary araka ny loharanom-baovao avy any an-toerana dia manodidina ny efapolo isanjaton'ny mpiasa no voakasik'izany. Ankoatra izay, ahian'ireo mpandraharaha ireo hisy fiantraikany amin'ny asan'izy ireo ny fisian'ilay lavanila an-taonina maro, naondrana tany ivelany, saingy naverina an-tanindrazana, noho ny antony nambaran'izy ireo fa mbola tsy fantatra mazava. Tranga nambaran'ny mpandraharaha fa mandratsy endrika ny sehatry ny lavanila eto amintsika, izay antom-piveloman'olona maro. Manoloana io zava-misy io dia maro amin'ireo mpandraharaha lavanila no milaza ho voafitaky ny mpitondra ary hasehon'izy ireo amin'ny fifidianana ny tsy fahafaliany.

**V.R.**

# TENY REHETRA TENY





**Mihalafo ny vidim-bary mety hahasolo azy ve ny hanin-kotrana?**





**Maro azo isafidianana ny voankazo eny an-tsena.**



**Tontosa teny Anosy omaly ny fotoam-pitsarana nandraisana ny fianianan'ny governoran'ny banky foiben'i Madagasikara vaovao.**




**Na ny ankizy aza mba miezaka manara-baovao.**



**Mitobaka sady masiso ny fako eraky ny tanàna.**



**Miha mafy ny fiainana…mitombo isanandro ny mpatory an-dalana.**

### HO ANAO RAMATOA

## Fikarakarana volon'ankizy ho olioly

Anisan'ny mandany fotoana betsaka indrindra ho an'ny renim-pianakaviana iray ny fikarakarana ny volon'ny zanaka vavy alohan'ny andeha mianatra. Mba tsy ampiova ny kalitaon'ny volon'ny zaza iray, misy ireo torohevitra maromaro aroso ho anao ramatoa ho amin'ity anio ity. Ho an'ireo ankizy manana kalitaom-bolo olioly, raha tiana ny hitazona izany « boucle » izany dia misy ireo fikafika atoro amin'ny fikarakarana azy. Dieny mbola kely, ampianaro mitia sy manaiky ny volony natoraly ny ankizy. Rehefa mividy akora fanasana loha, tandremo ireo "produits" misy akora simika izay manova ny kalitaon'ilay volon'ny zaza. Tokony ho indray mandeha isan-kerinandro no fotoana tokony hanasana loha. Mila fahaizana manokana ihany koa ny fibangona volo mba tsy hisaringotra sy tsy ho tapatapaka izany hoe avy any ambany miakatra moramora mankany ambony. Misy ireo akora antsoina hoe "leavin" ho an'izay maniry hitazona ilay boucle sy manampy amin'ny fibangona azy. Raha tiana ho salama ny volon'ny zaza iray, tokony ho zatra manao bain d'huile amin'ny menaka amande malefaka mialohan'ny hanasana azy. Mba hiarovana ny volo kosa, tsy tokony hampiasa ireny fitaovana mafana ireny mihitsy. Misy ireo mpanamboatra akora natokana ho an'ny volon-jaza mba hitazonany ho natoraly toa ny Kiala Soasoa natoraly izay mivarotra menaka sy shampooing mety hikarakarana ny volon-jaza. Raha misy olona efa zatra nisintona volo tamin'ny zavatra mafana kosa ka maniry ny hiverina natoraly dia mila manapaka mihitsy aloha. Esorina daholo ireo tahombolo may vao zarina tsikelikely amin'ireo karazana akora natoraly ny volo. Toy ny an'ireo ankizy ihany anefa, tsy tokony mampiasa akora simika mihitsy. Afaka trandrahina tsara mantsy ary betsaka eto amintsika ny akora natoraly. Anisan'izany ny akondro, tantely, zavoka, atody, sy ireo karazambonikazo toy ny hibiscus, vahona sy ny maro hafa tsy voatanisa.



**Somary lafo ny vidin'ireo akora fanaovana volo olioly.**

**Nath**

Fako mivangongo

## Miditra an-tsehatra amin'ny fanadiovana eny amin'ny faritra iva ny fikambanana

*"Rehefa avy ny orana, anisan'ny mitondra faisana amin'ny tondradrano izahay monina eny amin'ny faritra iva. Ny mpianatra tsy maintsy babena rehefa aterina, ny vehivavy manainga zipo. Trangan-javatra izay tsy maintsy iainana rehefa fotoam-pahavaratra izany."* hoy ity renim-pianakaviana monina eny Manarintsoa Isotry. Eo anoloan'ireo fako mivangogo hita etsy sy eroa, indrindra eny amin'ireo lakandrano lehibe hivarinan'ny rano maloto, nanapa-kevitra hiditra an-tsehatra hanadio ny fikambanana eny amin'ny faritra iva. "Nanomboka omaly ary hitohy androany tontolo ny fanadiovana lakandrano sy fanesorana ireo fako mivangogo eto 67Ha. Izahay mpikambana ao amin'ny fikambanana eny amin'ny faritra iva ihany no mandray angady sy lapelina ary mitatitra ireo fako ireo eny amin'ny toerana hanariana azy." hoy i Beby, filohan'ny fikambanana eny amin'ny faritra iva omaly. Nambarany fa tsy hijanona eo ny asa fanesorana fako misavovona fa hihitatra amin'ny fokontany Antetezana afovoany, Manarintsoa Isotry, Andavamamba, Anatihazo Isotry, Andranomanalina sy ny maro hafa. "Tsipaipaikan' ny mpikambana no entina mampihodina ny fikambanana, mirotsaka an-tsehatra kosa izahay, miandahy miambavy rehefa misy asa atao toy izao satria miankina amin'ny fahatsentsenan'ny lakan-drano no hiasanay maimaimpoana. Ho amin'ity roa andro ity, 20 no mifandimby manala ireo fako ary mitovy amin'izay ihany koa ho an'ireo fokontany hafa." hoy hatrany i Beby, filohan'ny fikambanana eny amin'ny faritra iva.



**Mandrora mitsilany ny Malagasy raha izao karazana fako izao no jerena.**

**Nath**

Orinasa "Base Toliara"

## Tsy hanaiky hatramin'ny farany ny hihodinany ny Zanadriake

Tsy hanaiky hatramin'ny farany ny hiodinan'ny orinasa "Base Toliara" ao amin'ny Renivohitry ny Faritra Atsimo Andrefana ny fikambanana Zanadriake miandahy miambavy. Ny ranomasina sy ny torapasika ao Andaboy no fiveloman'ny mpanarato rehetra sy ny vady amanjanany ka nahoana no eo amin'izany velontenan'izy ireo izany no tsy maintsy hametrahana an'io orinasa io. *"izahay Zanadriake dia milaza aminareo fa tsy hanaiky an'io fitrandrahana fasi-mainty hatao eto aminay io. Tsy hamaha ny olana eo amin'ny fiainanay akory io tetikasa io, fa tsy raha ny marina dia tsy mankato an'izany mihitsy izahay. Indrindra indrindra ny hipetrahan'io Base io eo Andaboy izay tena tsy ankatoavinay iray manontolo"*, hoy ny solontenan'ny ray amandReny nijoro miaro ny fiveloman'ny mpanarato sy ny mpanjono mivelona amin'ny ranomasina. Miangavy koa ireo vehivavy mikambana amin'ny Zandriake Atoa Ben'ny tanàna. Ny nahazoanao vato ka nandresenao tamin'ny fifidianana dia izahay vahoaka ka tamin'ny fampielezan-kevitra dia nilaza ianao fa mba efa nihaza ihany koa teny an-dranomasina. Rehefa azonao ny toeranao dia tsy fantatrao izahay mpanarato sy mivelona amin'ny fivarotana trondro sy ny hazandranomasina. Aza adino fa izahay mianakavy izay mivelona amin'ny ranomasina manjono sy manarato ireto no mamelona anareo sy ahazoanareo laoka", hoy kosa ny solontenan'ny fikambanam-behivavy Zandriake naneho hevitra manohitra ny tetikasa "Base Toliara" izay tetikasa hitrandraka fasi-mainty any an-toerana. Marihana fa efa miseho lany ny fikambanana maro izay maneho hevitra mikasika an'ity tetikasa fitrandrahana fasi-mainty izay efa nampiatoan'ny fitondram-panjakana ity satria matahotra mafy ny amin'ny voka-dratsin'izany amin'ny isam-batan'olona ireo mponina maro an'isa any Toliara. *"Zahay tsy manaiky an'io Base io hijoro ao Andaboy ary lavinay tanteraka io. Anaovanay antso avo amin'ny fitondram-panjakana satria hanao ahoana ny fiainanay mpiandriaka sy mpanarato ary mpanjono izay ny trondro azonay amidy eny an-tsena no fivelomanay"*, hoy kosa ny solontenan'ny vatandehilahy mpanarato. Ny mampalahelo an'ity fikambanana Zanadriake ity dia ny efa fanakanan'ny mpitandro filaminana azy ireo tsy afaka manarato antony nahatonga ny mpikambana rehetra miara-manao hetsika hanoherana ny tetikasa ihany koa.

**HAR**

RN4

## Mbola manahirana ny fifamoivoizana



**Toy izao ny fahavoazan'ny lalana any amin'ny RN4.**

Tapaka tanteraka ny fifamoivoizana amin'ny lalam-pirenena fahefatra eo amin'ny PK 434 sy 435 Matsaborifaly fokontany Antanandava kaominina ambanivohitra Anjiajia manomboka omaly zoma. Lasa mitoka-monina tanteraka io kaominina io satria tsy misy fiara afaka mivoaka sy miditra intsony. Misy ihany anefa ezaka ataon'ny fokonolona hahafahan'ny olona mandeha sy manao "transbordement" mandram-pahita vahaolana. Efa nisy fampandrenesana nataon'ny zandary amin'ireo tomponandraikitra misahana ny asa vaventy.

**Taxibrousse**

Etsy ankilan'izay, velon-taraina amin'ilay lalana nototofana tany eo Anjiajia izay tapaka noho ny rivodoza farany teo ihany koa ny mpitatitra amin'ny lalam-pirenena fahefatra iny. Mbola betsaka mantsy ny rotsak'orana any an-toerana ka lasan'ny riaka ireo tany napetraka teo amin'ilay lalana tapaka. Vokany, mikatso ny fifamoivoizana, milahatra ireo fiara be sy kamio mivoaka eo amin'io ampahan-dalana io ary misy mihitsy aza ireo taraiky eo noho ny fotaka mandrevo. "Tsy misy ny asa fanamboaran-dalana atao eto Anjiajia. Fiarabe iray no eto saingy indramina hanosika ireo kamio taraiky ilay izy. Misy ireo tsy azon'io kamiao hatosika dia taraiky. Manao antso avo amin'ireo tomponandraikitra any ambony izahay mpitatitra fa mahatsiaro mijaly. Betsaka anefa ireo entana mora simba tsy maintsy atao izay hahatongavany haingana amin'ny toerana ilana azy. Ireo taxibrousse kosa etsy ankilan'izany, raha ora 10 no nanaovana ny lalana Antananarivo mihazo an'i Mahajanga efa 16 ora izany ankehitriny na mahery kely aza.

Tapaka tanteraka ny fifamoivoizana eo amin'ny lalampirenena faha 4 manakaiky ny tetezana ao amin'ny fokontany Morarano CR Maevatanana II, 4km miala an'i Maevatanàna. Misy fanamboarana mantsy ny lalana izay efa ahiana ho tapaka ka mety hitera-doza ho an'ny mpampiasa lalana rehetra. Nanomboka omaly tamin'ny 3 ora hariva ka hatramin'ny 11 ora alina ny faharetan'izany famboarana izany.

**Nath**

Fisolokiana amin'ny tambajotran-tserasera

## Mbola mitohy ilay fandefasana someso milaza fa nahazo fiara na vola

Na efa nisy aza ireo olon-dratsy manao fisolokiana amin'ny tambajotran-tserasera izay efa saron'ny mpitandro filaminana tamin'ny fandefasana sms amin'ny finday dia mbola misy ireo sahy manao an'izany hatrany. *"Ny 27 janoary 2023 tamin'ny 11ora sy 18' aho no naharay simeso tamin'ny laharana 0325077702. Raha ny votoatin'ilay hafatra antsoratra dia faly miarahaba anao izahay ato amin'ny orinasa Ouest Sucre CONPLAN na SIRAMA teo aloha izay mpamokatra siramamy sy toaka aty Namakia. Ankoatra izay mankalaza ny faha-40 taona na festival fin de coupe izahay ka rehefa nanao fisarihana ny fiara 4X4 Prado iray izahay ato amin'ny orinasa miampy vola 5 tapitrisa Ariary, ity laharanao ity no nahazo an'ilay loka. Raha mila fanazavana fanampiny ianao dia antsoy io laharana nandefa ny sms aminao io. Misaotra tompoko"*, io no sms voaraiko hoy ny raim-pianakaviana iray omaly. Efa hitany tao anaty findainy ihany io simeso io tamin'io daty io saingy tsy ampiraika azy. Ny vady andefimandriny sendra nijery sms tao anaty findainy fa nandefasan'olona vola no nahita indray an'io simeso io. Ny olana anefa rehefa antsoina io finday io dia tsy tratra antso na tsy mandray hatrany. Manao antso amin'ny tambajotra izay misahana ny laharana sy ny mpitandro filaminana ny fianakaviana izay nahazo ity sms ity mba hijery akaiky an'izao fisolokiana izao. Hatreto tsy mbola nofafana io simeso io.

**Heriniaina A.**

Banky foiben'i Madagasikara

# Nanao ny fianianany ny Governora

*Hanamafy ny fanarahamaso ny sandan'ny Ariary sy ny fisondrobidim-piainana.*



**Tonga maro nanatrika ny fotoam-pitsarana manetriketrika ireo olom-panjakana sy manam-pahefana ary mpiara-miombona antoka maro samihafa. (Sary : Kelly R. & Yvon Ram)**

Nandray ny fahefana feno amin'ny maha Governoran'ny Banky foiben'i Madagasikara azy i Aivo Handriantiana Andrianarivelo. Notanterahana omaly tao amin'ny Fitsarana Tampony eny Anosy ny fitsarana manetriketrika nandraisana ny fianianany, izay notarihin'ny filohan'ny Fitsarana Tampony sy ny lehiben'ny fampanoavana. Tonga nanatrika ny lanonana ny Filoham-pirenena malagasy niaraka tamin'ireo mpikambana vitsy ao amin'ny governemanta, dia ny minisitry ny toekarena sy ny fitantanambola, ny minisitry ny fanabeazam-pirenena, ary ny minisitry ny asa sy ny asampanjakana ary ny fampanana asa sy ny lalàna sôsialy. Mbola tsy afaka niresaka tamin'ny mpanao gazety ity Governora vaovao ity, saingy nilaza ny hanao laharam-pahamehana amin'ny fanamafisana ny fanaraha-maso ny sandan' ny vola malagasy sy ny fisondrobidim-piainana ny tenany. Araka ny sata mifehy ny Banky foiben'i Madagasikara, izay faritan'ny lalàna laharana 2016-004 nivoaka tamin'ny 29 jolay 2016 ary nampian'ny lalàna laharana 2016-057 nivoaka tamin'ny 2 febroary 2017, dia 5 taona ny faharetan'ny fepotoam-piasan'ny Governora ary afaka havaozina indray mandeha tsy miverina.

**31 taona niasana**

57 taona ny Governora ankehitriny, manam-bady ary manan-janaka 3. Nivoaka tao amin'ny Oniversiten'i Tomasina ary manana maripahaizana "Licence" sy "Maitrîse" amin'ny lalam-piofana toekarena. 31 taona nidirana teo amin'ny sehatry ny asa. Niasa nandritra 12 taona tamin'ny orinasa tsotra, talen'ny CERES nandritra ny 4 taona, niasa nandritra ny 12 taona tao amin'ny "Fonds de portage et de privatisation", ary niara-niasa tamin' ny Tahirim-bola iraisam-pirenena nandritra ny 3 taona. Tsiahivina fa taorian'ny fametraham-pialan'ny Governora teo aloha noho ny antony ara-pahasalamana no nanendrena azy tao anatin'ny filankevitry ny minisitra, izay niainga avy amin' ny tolokevitry ny filankevipitantanan'ny Banky foiben'i Madagasikara. Tonga nanatrika ny lanonana koa ireo governora roa teo aloha efa nitàna ity toerana ity, ka iray tamin'ireo i Henry Rabarijohn, izay nodimbiasany.

**R. Muray**

Atsimo Andrefana

# Nijoro vavolombelona ireo tanora niofana tany Kenya



**Ny ampahany tamin'ireo tanora niofana tany Kenya.**

Nahazo tombon-dahiny manokana tamin'ny tetikasa Base Toliara ireo tanora tao amin'ny faritra Atsimo Andrefana. Nisy 24 ireo nalefa nanao fiofanana tsy tapaka nandritra ny roa taona tany Kenya nanomboka ny taona 2019. Gaga anefa izy ireo noho ny fampiatoana ny tetikasa, koa nisafidy hijoro vavolombelona 16 volana taorian'ny nahatongavany teto Madagasikara. *"Nianatra zavatra maro aho tany Kenya toy ny famatsiana herinaratra amin'ny indostria, ny tontolo iainana, ny informatika, sns. Mifanohitra tanteraka amin'ny tsaho miely eto Madagasikara mikasika ny faharitran'ny loharano sy ny fahasimban'ny tany sy ny tsiron-tany ny zava-misy any Kenya. Tsy nahita olana mihitsy izahay tany ary tsy mitombona ny tsaho ahely mikasika ity tetikasa ity.* Simon Théodon, zanaky ny kaominina Maromiandra. Marihina fa manao fitrandrahana fasimainty any Kenya ny Base Resources, tompon' ny tetikasa Base Toliara. Anisan'ireo niofana tany Kenya koa i Olivia Clarisse, orana tany amin'ny faritra misy ny fitrandrahana any Kenya ary tsy nisy faharitrana rano.

*Nandiso ireo tsaho miely mikasika ny fitrandrahana fasi-mainty.*

*Amin'ny maha mpizatra asa ahy ao amin'ny Base Toliara nalefa tany Kenya, dia afaka mijoro vavolombelona amin'ny zavatra niainako aho. Salama tsara ary tsy nanana olana ara-pahasalamana izahay tany."*, hoy zanaky ny kaominina Maromiandra, ary nandiso ny filazana aretina sy fahasamponana ary fanimbana tontolo iainana ezahana aparitaka momba ity tetikasa ity. Nambarany fa mirotsaka soamantsara ny

**Niteraka**

Nisy tamin'ireo nisitraka ny fiofanana no nanana anaka somantsara rehefa tafaverina teto an-tanindrazana ary tsy nisy fahasamponana ny zanany. *"Tsy vao izao no nandeha ny tsako mikasika ny fiantraikan'ny fitrandrahana fasimainty. Tonga hatramin'ny filazana fa tsy mampiteraka ary mampisy fahasamponana. Hitako mirindra tsara ny asan'izy ireo tany Kenya. Tsy mitsahatra milatsaka ny orana mandritra ny fotoampahavaratra any. Mbola iandraiketan'ny Base Resources ny fanarenana ara-tontolo iainana aorian'ny fitrandrahana ataony. Tsara ny hisian'ny fifanakalozankevitra eo amin'ny mpomba sy mpanohitra ity tetikasa ity mba handinihana ireo tombotsoa entiny."*, hoy Charly, zanaky ny faritra nisitraka ny fampiofanana. Tsy an'asa avokoa ny ankamaroan'ireto tanora ireto taorian'ny fandehanana tany Kenya. Niantso ny Filoham-pirenena izy ireo mba hijery akaiky ity raharaha ity ary mbola niantso ny vadin'ny Filoham-pirenena koa hijery ny olan'ireo vehivavy ao Atsimo Andrefana.

**R. Muray**

Foibem-pibaikoina nasionaly

# Notokanana tao amin'ny BNGRC Antanimora omaly

Tafapetraka ny Foibem-pibaikoina nasionaly amin'ny loza sy ny hamehana eto amin'ny firenena na ny "Centre National de Coordination des Opérations d'Urgence". Notokanana omaly teny amin'ny biraon'ny BNGRC (Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes) Antanimora ny fahavitan'ny fotodrafitrasa sy ny fitaovana rehetra ampiasaina ao anatiny. Nitarika ny lanonana teny an-toerana ny Praiminisitra niaraka tamin'ny mpikamban'ny governemanta vitsivitsy, dia ny Minisitry ny atitany sy ny fitsinjaram-pahefana, ny Minisitry ny rano sy ny fidiovana ary ny fanadiovana, ary ny Minisitry ny tontolo iainana. *"Ny fametrahana fotodrafitrasa manaraka ny toetr'andro toy izao dia natao hanatsarana ny fiatrehana ny loza mandalo eto amin'ny firenena. Naha-tratra 6 ireo rivodoza nandravarava teto Madagasikara tamin'ny taon-dasa, saingy noho ny fahaizamanaon'ny BNGRC sy ny fitondram-panjakana manontolo dia nandeha tamin'ny tokony ho izy ny fitantanana ny loza. Miezaka manatsara hatrany isika mba ho fampihenana ny fiantraikan'ny loza eto amin'ny firenena. Vonona mandrakariva ny fanjakana miaraka amin'ny fanampiana avy amin'ireo mpiara-miombona antoka handray an-tanana an'ireo traboina."*, hoy ny Minisitry ny atitany sy ny fitsinjaram-pahefana, Tokely Justin. Ahitana birao fiasana maro samihafa ao anatin'ity fotodrafitrasa ity toy ny toerana fanaovana sy fandraisana antso na "Call center", ny toerana fitantanana ireo fitaovana informatika, sns.

*Nanampy tamin'ny fanavaozana sy fampitaovana ireo mpiara-miombona antoka ara-bola sy ara-tekinika.*

**Nanampy**

Nanampy tamin'ny fanavaozana sy ny fampitaovana ireo mpiara-miombona antoka ara-bola sy ara-tekinika, koa teo amin'ny 160 000 Dôlara ny anjaran'ny PAM (Programme Alimentaire Mondial) ary 161 000 Dôlara ny an'ny PNUD (Programmes des Nations Unies pour le Développement). *"Hanampy amin'ny fiatrehana ny loza ny fananana ity Foibem-pibaikona ity, dia eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mialoha, ny famaliana ary ny fanarahamaso aty aoriana. Handrindra ny fiaraha-miasa eo amin'ireo mpisehatra rehetra sy ireo mpiara-miombona antoka koa. Ny tanjona dia ny hahazoana vokatra tsara amin'ny alalan'ny fitaovana misy eo am-pelatanana."*, hoy Issa Sanogo, solontena maharitry ny Firenena mikambana miasa eto Madagasikara.

**R. Muray**

Fiainam-pikambanana

# Miantso firaisankiana ny zanak'i Fianarantsoa

Ny fiandohan'ny taona tahaka izao no fotoana hivoriana sy hanaovana jery todika ny asa vita ho an'ireo fikambanana sy vondrona isan-tsokajiny eo amin'ny lafiny ara-tsosialy. Ilaina ny famondronana hery ao anatin'ireny fikambanana ireny rehefa hanao zavatra sy hampiseho ny mampiavaka sy ny maha izy azy ny faritra iray sy ny olona ao anatiny. Manoloana izany indrindra, dia miantso firaisankiana sy fihavanana ny zanaky ny faritanin'i Fianarantsoa manoloana izao sovorovoro ara-politika miseho eto amin'ny fierenena izao. « *Aoka tsy ho voarebirebin'ny zava-misy ankehitriny isika. Fotoana izao hampisehoana fa miray hina tanteraka isika eto Fianarantsoa* », hoy ny fanazavan'ny raiamandreny iray sendra tafaresaka taminay omaly. Marihina fa isan'ny toerana maro olo-manga sy avarapianarana ny ao Fianarantsoa ka matetika no ifandrombahan'ny mpanao politika. Tato ho ato tokoa dia nanao rano lava ny fanaovana fanambarana sy fanehoan-kevitra momba ny raharaham-pirenena ataon'ny vondrona politika vaovao vao nitsangana, izay hikendrena hanoherana na hanohanana ny fitondrana. Tsy mahagaga moa izany fa taom-pifidianana rahateo ity taona ity ka mafana manaraka izany ny rivotra politika ankapobeny eto amintsika. Raha tsiahivina moa dia hisy ny hetsika goavana karakarain'ny fikambanan'ny zanaky ny faritanin'i Fianarantsoa na FIZAFAFI ny 25 febroary izao, ho fifampiarahabana noho ny taona vaovao sy hanamafisana ny fihavanana eo amin'ny samy mpikambana.

**JUDD**

midigazetikom@gmail.com

Solomampionona Koloina Razafindranaivo

# Mikarama maherin'ny 37 tapitrisa Ariary isam-bolana

Ankoatra ny 50.000 Euros noraisin'ny klioban'ny CFFA Andoharanofotsy, ho sandan' ny fifindran'i Solomampionona Koloina Razafindranaivo any amin'ny klioban'ny Mouloudia d'Alger (D1), dia nanaitra ny sain'ny mpanara-baovao tamin'ny tambajotran-tserasera ny nahita ny mari-bola momba ny karama raisin-dRakool isam-bolana. Voalaza fa 8 000 Euros na 37 600 000 Ariary no raisiny isam-bolana (1 euro = 4 700 Ariary). Raha kajiana isa-minitra dia mahatratra 870 Ariary, ary 1 253 333 Ariary isan'andro na koa 52 222 Ariary isaky ny adiny iray. Maharitra telo taona sy tapany ny faharetany ao amin'ity ekipa algerianina ity. Mahafinaritra ny fandrenesana sy ny fahitana an'izany mari-bola izany raha tena mitombona tokoa. Tonga amin'ny tanjona niriany ireny mpilalao baolina kitra ireny, izay nisotro ny aleoko maty sy nihafy tokoa teo amin'ny filalaovana an'ity taranja ity. Raha taty Madagasikara izy no mbola nilalao dia tsy mahatratra ny vola raisiny isan'andro any amin'ny Mouloudia d'Alger ny karama raisiny isam-bolana. Ankoatra ny vola raisiny dia zava-dehibe eo amin'ny fanitarany ny fahaiza-manaony ny filalaovany any Algérie, ao anatin'ny firenena magrebianina, izay efa avo lenta tokoa ny taranja baolina kitrany, tsy aty amin'ny kaontinantan'i Afrika irery ihany fa maneran-tany. Marihina fa ankoatra an-Rakool dia maro ny "omby" lafontsika tamin'ity CHAN 2022 ity, izay heverina fa hanana ny toerany ihany koa ireny mpilalao ireny any amin'ny ekipa ilalaovany.





**Fotoana nandalovany sy nihofanany tao amin'ny AJESAIA ! (Voalohany mipetraka amin'ny laharana faharoa avy any ankavia)**

**Nokoloin'i Naval**

Vao omaly ny omaly ny Filoha Nasionalin'ny AJESAIA no nanaitra ny sain'ny mpitondra fanjakana sy ny mpitantana baolina kitra eto amintsika ny amin'ny tokony hanaovana lalàna, hiarovana ny zon'ny Sekolin'ny Baolina kitra nianian'ireny kalaza ireny. Lasa mitatatra ho an-dRainilaizafy fotsiny ny mpamolavola ka ny tsy namono ny voay indray no miravaka ny vanginy. Ny hazo no vanon-ko lakana dia ny tany naniriany no tsara ! Raha ny momba an-Rakool manokana, teraka tamin'ny 25 martsa 2000. Teo amin'ny faha-6 taonany monja izy dia efa nobeazina sy nokolokoloin' i Me Naval tamin'ny baolina kitra tao amin'ny FC Zandrikely Ambohimirary (2006). Dimy taona taorian'izany dia mbola niaraka tao amin'ny US AVEIA Analamahitsy izy mianaka (2011). Taorian' izany dia mbola niverina tao amin'ny FC Zandrikely, niova ho Academy FIVE ny taona 2013. Niara-nampiakatra ny CFFA tamin'ny diviziona voalohany indray izy ireo. Tamin'ny taona 2018, dia nalain'ny mpanazatra Rôrô, nanantevin-daharana ny AS Adema. Nitodi-doha tao amin'ny ekipan'ny FIVE FC indray izy ireo tamin'ny taona 2019. Roa taona taorian' izany dia nalain'ny mpanazatra Titi sy Rado Rasoanaivo izy, nanantevin-daharana ny CFFA (2021), izay voahosotra tompondakan'i Madagasikara sy tompon'ny amboara.

**aris rafaly**

Judo - " Grand Slam de Paris "

# Atleta 3 mianadahy no solontenantsika

Hotanterahana izao faran'ny herinandro izao, ny « Paris Grand Slam », eo amin'ny taranja Judo. Hanana solontena 3 mianadahy miatrika izany isika amin'ny alalan-dRandrianasolo Lova Mahaisoa, eo amin'ny latsaky ny 73kilao, izay tamin'ny alarobia lasa teo no niainga teto Madagasikara. Eo ihany koa ireo Judokas Malagasy roa mipetraka any Frantsa, ahitana an-dRakotoarivony Royal, latsaky ny 100 kilao sy Vital Christiane, latsaky ny 57 kilao.

Raha tsy misy ny fiovan'ny fandaharam-potoana, rahampitso no hiaka-tsehatra ireto solontena Malagasy ireto, izay nanambara fa, ny handrombaka medaly no anton-dia any Frantsa, ary indrindra ny hahazoana isa, hahafahana mandrombaka ny tapakila hiatrehana ny Lalao Olympika, tanterahana any Frantsa amin'ny taona 2024. Ho an-dRandrianasolo Lova Mahaisoa, fanindroany amin'izao no miatrika «grand slam» ny tenany, ka tany Tokyo tamin'ny desambra 2022 ny voalohany. Efa samy nanomana tsara moa ireto solontenantsika ireto, ka antenaina, fa tsy hitsangamenatra mandritra izany.

**Rabenaivo**

## Fandaharan-dalao faran'ny herinandro

*Taorian'ny fanarahana ny lalao fiadian-toerana faha-3 ny tompondakan'ny CHAN 2022, alina, dia hifantoka amin'ny fandaharan-dalao faran'ny herinandro eto andrenivohitra ny mpankafy fifaninanana ara-panatanjahantena. Momba ny Barea de Madagascar, hiverina an-tanindrazana rahampitso alahady (1 ora 30 mn), dia manentana ny mponina eny Ivato sy Antananarivo iray manontolo mihitsy ny Ben'ny Tanàna Penjy Randrianarisoa, hanao fitsenana makotroka an'ireo maherifontsika, na inona na inona voka-dalao tamin'ny fiadiana ny medaly alimo.*

**BAOLINA KITRA**

**Tompondakam-pirenena « Senior »**

*Alahady 05/02/2023 – Kianja Antsirabe*

9 ora : MIFA Vakinankaratra # ASCUF Matsiatra Ambony

11 ora : AC SAB NAM Vakinankaratra # FC Disciples Vakinankaratra

***Section Tana Ville – Tompondaka Tanora***

*Alahady 05 – Kianja Elgeco Plus By Pass*

Fanohizana ny lalao fifanintsanana ho an'ny sokajy latsaky ny 9 – 10 – 11 – 12 taona

**BASKET-BALL**

**Tompondaka SBBAR**

*Sabotsy 04/02/2023 – Kianja Mandroseza*

10 ora : "VETH"/ Lucadro # Fobb (C)

11 ora 30min : "VETH"/ Cosfa # Smbc (A)

1 ora : "VETH"/ Ubt # Ambb (D)

2 ora 30min : "VETH"/ Bbc # Ccb (B)

4 ora : "SVTD"/ Jcba # Bbc

*Sabotsy 04/02/2023 – Kianja Firaisana Anosisoa*

7 ora 30min : "N1BH"/ Dbc # Ujb (C)

9 ora : "N1BD"/ Aca # Akamasoa (A)

10 ora 30min : "N1BD"/ Lucadro # Jcba (B)

12 ora : "N1BH"/ Akamasoa # Cosfa (C)

1 ora 30 : "N1BH"/ Assm # Lucadro (B)

3 ora : "N1BH"/ Dtsc # Bcr (A)

*Sabotsy 04/02/2023 – Kianja Toby Ratsimandrava*

7 ora 30min : "N1BH"/ Maroliona # Fandrefiala (B) – "N1BH3/ Ambb # Tacbb (A)

9 ora : "N1BD"/ Jap Mada # Dbc (A) – "N1BH"/ Gio Sao # Jap Mada (D)

10 ora 30min : "N1BD"/ Fandrefiala # Bci – "N1BD"/ Mb2all # Gio Sao (A)

12 ora : "N1BH"/ Nbe # Soe (D) – "N1BH"/ Asa # Akbb (B)

*Alahady 05/02/2023 – Kianja Ste Famille*

7 ora 30min : "U18G"/ Sac # Akbb (B) – "N1BH"/ Dtsc # Tacbb (A)

9 ora : "U18G"/ Ast # Mmbc (B) – "N1BD"/ Jcba # Sepa

10 ora 30min : "N1BD"/ Fandrefiala # Lucadro (B) – "U18G"/ Cbbt # Assm (A)

12 ora : "U18G"/ Bcr # Sepa (D) – "U18G"/ Lhbbc # Dtsc

1 ora 30min : "SVTH"/ Akbb # Lucadro (B) – "N1BD"/ Jap Mada # Nbe (D)

3 ora : "N1BH"/ Akbb # Lucadro (B) – "N1BH"/ Esi # Akamasoa (C)

**nangonin'i a.r**

Trail d'Ibity

# Mpihazakazaka hatramin' ny 1 000 no andrasana

Hotanterahana amin'ny 2 avrily izao ny andiany faha-7 amin'ilay « trail d'Ibity ». Toy ny mahazatra any Ibity Antsirabe no hizoran'ny fifaninanana, izay hetsika hanaovana fanangonam-bola, hatolotra an'ireo ankizy sahirana sy tsy ampy sakafo, izay taizana ao amin'ny « Maison de la nutrition » Ibity. Mpihazakazaka hatramin'ny 1 000 no andrasan'ny mpikarakara amin'ity, izay ankoatra ny fifaninanana, eo ihany koa ny sehatry ny fampiroboroboana ny fizahantany. Misokatra ho an'ny rehetra noho izany ny hetsika, ka na olon-tsotra na mpihazakazaka matihanina, dia afaka mandray anjara amin'izany avokoa. Tsy miova fa hizara 3 miavaka tsara ny fifaninanana, ahitana ny halavirana 30 km sy 12km, izay natokana ho an'ireo olona matanjaka sy salama tsara. Eo ihany koa ny halavirana 2km, izay ny ankizy sy ireo efa nahazo taona no mandray anjara. Efa nisokatra tamin'ny 2 febroary lasa teo ny fisoratana anarana ho an'ireo maniry handray anjara amin'ity andiany faha-7 ity, izay hifarana amin'ny 30 marsa. Ankoatra ny eto Antananarivo, kiosque Ortana, jardin Antaninarenina, afaka atao ihany koa ny misoratra anarana any Antsirabe (ORTVak) ihany koa izy ireo, manomboka amin'ny 9ora maraina hatramin'ny 4ora tolakandro.

*Misokatra ho an'ny rehetra noho izany ny hetsika, ka na olon-tsotra na mpihazakazaka matihanina, dia afaka mandray anjara amin'izany avokoa.*

**Rabenaivo**

Ady totohondry - JIOI 2023

# Atleta 50 no hifantenana handrafitra ny ekipam-pirenena



Efa samy miandry ny hanombohan'ny fampivondronana avokoa, ny eo anivon'ireo federasiona rehetra voakasika amin'ny Lalao'ny Nosy 2023. Ho an-dry zareo eo anivon'ny federasiona malagasy ny ady totohondry, efa namolavola tetiandro hanaovana izany izy ireo, saingy miova araka ny mety fandaminana eny anivon'ny Minisitera izany. Hatreto amin'ny faran'ny volana avrily no hanaovana ny fampivondronana voalohany ho azy ireo. Mpikatroka ady totohondry hatramin'ny 50 any ho any no kasainy hanaraka izany. Nambaran-dRabarisoa Hery Mamy, filohany, fa haharitra 10 andro eo ny fampivondronana voalohany, ka ireo niatrika ny ady famaranana tamin'ny fiadiana ny tompondakam-pirenena farany teo no tafiditra, miampy ireo mpanao ady totohondry sangany hitan'ireo teknisiana any amin'ny faritra. Hisy atleta 4 isaky ny sokajy amin'ity fampivondronana voalohany ity, izay ho an'ny sokajin-danja latsaky ny 57kilao no midina ihany, ka mpanazatra 11 no hanaraka azy ireto. Hita mandritra izany fampivondronana izany ny fampitoviana lenta ny teknika eo amin'ireto mpanao ady totohondry ireto, ary indrindra ny fanamafisana ny tanjaka ara-batana. Afaka 3 volana kosa no hanaovana ny fampivondronana faharoa, ka mpanao ady totohondry 2 isaky ny sokajin-danja ihany sisa no hanaraka izany. Amin'ny fampivondronana farany, izay mialoha ny Lalaon'ny Nosy kosa dia atleta iray isaky ny sokajy sisa no manaraka ny fampivondronana, ka izy ireo no handrafitra ny ekipam-pirenena, hiaro ny voninahim-pirenena.

*2 na 3 isaky ny sokajin-danja ny eo amin'ny vehivavy.*

**Rabenaivo**

## Sarisary zary tenany

*Ry be nify*




## Hatsikana an-tsary

*Môlista*




## Masoandro miposaka

**Marka 5 : 35-36**

Raha mbola niteny Jesosy, dia nisy tonga avy tany amin'ilay mpanapaka ny synagoga ka nanao hoe: Efa maty ny zanakao-vavy; nahoana ianao no mbola manahirana ny Mpampianatra ihany ? Fa tsy nahoan'i Jesosy izany teny nataony izany, fa hoy Izy tamin'ilay mpanapaka ny synagoga: Aza matahotra, minoa fotsiny ihany.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Toa an'ilay jamba nomena amalona : koa "Amalona, hono, ity, Andriamanitra !"**

Pareil à un aveugle auquel on a donné une anguille, alors : "O Dieu, on dit que ceci est une anguille !"

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2873

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 6 | | | | | 8 | |
| 7 | | | | 4 | | | 5 | |
| 3 | 4 | | | | 6 | | 7 | |
| | | 1 | | | 7 | | 6 | 3 |
| | | | | 6 | | 2 | | |
| | | 8 | | 5 | 2 | | | 9 |
| 6 | | | | 1 | 9 | | | 7 |
| | 1 | | | | | | | |
| | | 9 | | | 5 | | | |

Valin'ny laharana 2872

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 3 | 7 | 5 | 9 | 6 | 8 | 4 | 1 | 2 |
| 2 | 9 | 1 | 4 | 5 | 3 | 6 | 7 | 8 |
| 4 | 8 | 6 | 1 | 7 | 2 | 9 | 5 | 3 |
| 6 | 1 | 9 | 8 | 4 | 5 | 3 | 2 | 7 |
| 5 | 3 | 7 | 2 | 1 | 6 | 8 | 9 | 4 |
| 8 | 2 | 4 | 7 | 3 | 9 | 1 | 6 | 5 |
| 1 | 6 | 3 | 5 | 2 | 4 | 7 | 8 | 9 |
| 9 | 4 | 2 | 6 | 8 | 7 | 5 | 3 | 1 |
| 7 | 5 | 8 | 3 | 9 | 1 | 2 | 4 | 6 |

In.S.P.N.Mad

# Miroborobo ny lalam-piofanana "transit et douanes"



**Nandritra ny lanonam-pifampiarahabana nahatratra ny taona tetsy Ambaranjana omaly.**

Mankalaza ny faha-30 taona nitsanganany ny sekoly In.S.P.N.Mad (Institut Supérieur Polytechnique des Novateurs de Madagascar). Ahitana karazana lalam-piofanana maro ao anatin'izany ny« transit et douanes », izay tamin'ny taona 2010 no niforona. Etsy Ambaranjana Antananarivo no nanombohany, izay ankizy efa hatramin'ny 1 500 no navoakany hatreto. Nambaran'ny Tale Jeneralin'ny In.S.P.N.Mad, Randrianarivelo Dieudonné, fa miroborobo ity lalam-piofanana ity ao aminy, satria dia nanome fahafaham-po sady tsy misy « chômeurs » fa nahita asa daholo izay nivoaka tao. Ankoatra izay, fanabeazana miaina anaty fifohazampanahy no hita ao, hoy hatrany ity Tale jeneraly ity, izay mifameno tanteraka. Ampolony no isan'ny mpampianatra ao, izay manana ny fahaiza-manao ka tsy mena-mitaha amin'ny sekoly ambony hafa. Raha hiverenana kosa ny mahakasika ny In.S.P.N.Mad, dia "cours télé- enseignement" no niandohana, ka efatra mirahalahy no niketraika izany, nanapa-kevitra ny hamadika azy ho In.S.P.N.Mad izy ireto taty aoriana, izay nanana ny toerany, izay vao haingana no nankalaza ny faha-30 taona. Tsy nitsaha-niakatra ny laza sy fahombiazan'ny sekoly, izay anisany nahaliana ny ankizy. Ankoatra ny teto Antananarivo niitatra tany Toamasina, Fianarantsoa ary ao Antsirabe. Nohamafisin'ingahy Tale Jeneraly, fa iray ihany ny In.S.P.N.Mad. Namafisiny, fa tsy diso lalana ireo mpianatra nisafidy manokana ny sekoly, izay miara-miasa amin'ny orinasa Iraisam-pirenena. Na izany aza, nambarany fa tsy adidiko aho samy irery fa adidiko izaho sy ianao no hahazoana fahombiazana. Nampatsiahiviny, na teo aza ny fanozongozonan'ny sasany ny sekoly, mbola mijoro tsara izy hatramin'izao. Nandritra ny lanonam-pifampiarahabana amin'ny tonon-taona vaovao, natao tetsy amin'ny sekoly Ambaranjana omaly no nahafantarana izany.

*Tsy nisy " chômeurs " fa nahita asa daholo izay nivoaka tao.*

**Rabenaivo**

## Gazetiko

novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 920 - 02 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### Salade ovy

**Ireo zavatra ilaina :** Ovy, vinaigre de vin blanc, menaka oliva, sira sy poivre, menaka

**Fikarakarana azy :** Tetehina boribory ny ovy. Rehefa vita izay dia ahandroina amin'ilay vinaigre de vin blanc mandritra ny 15 minitra. Arotsaka anaty vilia baolina na ireo karazana vilia fasiana salady. Avela hangatsiaka kely aloha. Alohan'ny handrosoana azy dia rarahana menaka oliva araka izay itiavana azy. Asiana eran'ny sotrona menaka tsotra ihany koa. Afangaro tsara avy eo. Dia arosoy fa vita ny salady ovy.

## MANAMPY ANAO

### PERMANENCES

**Du 04 février 2023 au 10 février 2023**

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21
Soleil - Andronobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena lavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02 /034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara lavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

**A.M.I.T.**
BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

**OSTIE**
AMBOHIMANARINA TEL 23 253 78
TANJOMBATO TEL 22 464 87/22 477 61

**AMBULANCE**
- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 /033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
-AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

**HOPITAUX ET CLINIQUES**
- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMA-NANDRAIBE
- IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA
- OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- LINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 22 271 47

# TELEVIZIONA

**MA TV MADAGASCAR**

**SAMEDI 04 FEVRIER 2023**
06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Royal Chapel ®
07.00 : Salama va
08.00 : Dessins animés
09.30 : Film Jeunesse
11.00 : FAM
12.00 : Météo
12.05 : A Votre Santé
13.00 : Série
14.00 : Film Dramatique
15.55 : Ny Vehivavy
16.30 : Ny hery tsy mahaleo ny Fanahy
17.30 : Full Music
17.45 : Fandaharana manokana : Olombanona
18.15 : Fandaharana manokana
18.50 : M/car à l'heure du conservatoire
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.30 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV
20.30 : Film Action
22.30 : Film Fiction
00. 30 : Journal International
01.15 : Film Romantique
03.00 : Documentaire
05.00 : Rhefi

**DIMANCHE 05 FEVRIER 2023**
06.00 : Amboarampamonjena
07.00 : Les oliviers/SEDERA
07.25 : Feon'ny Pentekosta
08.00 : Kristy mandamina
08.35 : Oran'ny fanantenana
09.00 : Rhefi
09.45 : FJKM
10.45 : FAM ®
12.00 : METEO
12.05 : Vaovao antsira
12.30 : SPECIAL LIVE
13.55 : Minutes Canal ®
14.15 : Série ®
15.20 : Film Comédie
17.30 : Ao anatin'ny rano no misy ny hery
18.00 : Fandaharana manokana
18.45 : M/car à l'heure du conservatoire
18.55 : METEO
19.30 : Mahery
20.30 : Film Romantique
22.00 : Film Dramatique
23.30 : JOURNAL INTERNATIONAL
00.15 : Magazine
03.00 : Film Aventure
04.45 : Mahafinaritra
05.30 : Rhefi
06.00 : Oran'ny fanantenana

*********

**PLUS**

**SAMEDI 04 FEVRIER 2023**
04.25 : JINGLE
04.30 : STAND OUT
05.00 : ABC DE LA SEMAINE
05.15 : MAXI PROMO
05.27 : VAOVAO ®
06.30 : DON-DRESAKA ®
08.00 : SAROBIDY NY FAHASALAMANA ®
08.15 : SERIE MANGA ®
08.40 : SERIE MANGA ®
10.40 : MIANDRY VAZO
12.00 : EDITION SPECIALE
12.10 : FRANCE 24
12.20 : ABC
ANTOANDRO
12.25 : Petites Annonces
12.30 : Coulisses On Tv®
13.30 : FILM ANIMATION
15.00 : EDITION SPECIALE
15.30 : RECREATION ®
16.00 : PASY GASY ®
17.00 : SERIE
17.25 : ABC
17.30 : MOZIKA METALY
18.00 : TITRE
18.02 : TSIKONINA
18.30 : JOURNAL
18.50 : ANKAFIZO
19.30 : VAOVAO
20.30 : NY ATY AMINAY
20.40 : KOPI KOLE
23.40 : SERIE
00.40 : VAOVAO ®
01.25 : SERIE ®
04.00 : REDIFF JOURNAL
04.15 : CLAP BOARD ®
04.55 : FRANCE 24

**DIMANCHE 05 FEVRIER 2023**
05.20 : JINGLE
05.25 : VAOVAO ®
06.20 : NY ATY AMINAY ®
06.30 : MIHOBIA
08.30 : PETITES ANNONCES
08.35 : CLUB 700
09.03 : PASY GASY
10.03 : RECREATION
10.20 : TSIKONINA ®
11.00 : STAND OUT LE DEBAT
12.00 : MIHOBIA ®
12.50 : EO ARA OE ®
13.00 : DA
17.00 : COULISSES ON TV
18.00 : TANJAKA
18.30 : FAN 2 M'AUTO
19.30 : DON-DRESAKA
21.00 : SERIE
21.50 : Coulisses On TV ®
22.50 : CINEMA-PLUS
01.50 : FRANCE 24

*********

**KOLO TV**

**SAMEDI 04 FEVRIER 2023**
06.15 : Racines d'Afrique
06.30 : So COOL
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
12.00 : Culte
13.00 : Anime
14.10 : K-Pop
16.05 : Mozika
17.00 : Smiling Time
17.40 : Zik Zag
18.30 : Tables de Mada
19.15 : Break
19.25 : Le Journal
20.00 : Ny Vaovao
20.50 : Soirée Nouveauté Ciné
23.00 : Ny Vaovao ®
23.50 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

**DIMANCHE 05 FEVRIER 2023**
06.30 : Tables de Mada ®
07.00 : Smiling Time
08.50 : Zik Zag ®
09.20 : Docus
10.00 : Cinéma
12.00 : Mecamag
13.00 : L'intégrale
14.00 : Cinéma
16.00 : Passion d'Ados
16.15 : Jv News
17.00 : HAVOTAFO
19.00 : Alalino
19.25 : Vanitika
20.00 : Ny Vaovao
20.25 : Le Journal de l'économie
20.50 : Cinéma
22.40 : 7 Jours sur la planète
23.00 : Ny Vaovao ®
23.50 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

*************

# TELEFAONINA ILAINA

- MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE OXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY - TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUMTEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins
- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL
- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

**POMPIERS**
- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

**POLICE SECOURS - GIR**
- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

**COMMISSARIATS**
- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
-3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

**HUISSIERS**
- MAITRE RAKOTONOMBANA BAHOLY LOT III E 39 AMPATSAKANA - TEL 034 18 690 20- MAITRE RANDRIAMBOLOLONA DELACY LOT30 A IMERINAFOVOANY TEL 032 41 860 50/ 34 468 05



BANKY FOIBEN'I MADAGASIKARA

GCL 422/1-1

## COMMUNIQUÉ

Suite à sa nomination en Conseil des Ministres par le décret n°2023-011 du 04 janvier 2023, Monsieur Aivo Handriatiana ANDRIANARIVELO est le neuvième Gouverneur de Banky Foiben'i Madagasikara. Il a prêté serment devant la Cour Suprême siégeant en audience solennelle, le 3 février 2023, sous le haut patronage de Son Excellence Monsieur Andry RAJOELINA, Président de la République de Madagascar.

Après son mandat au poste d'Administrateur au Fonds Monétaire International, cette nouvelle attribution en tant que premier responsable de Banky Foiben'i Madagasikara constitue une nouvelle étape de son parcours dans le milieu financier. Les cinq prochaines années, il assumera la direction et la gestion de Banky Foiben'i Madagasikara avec comme principal objectif la stabilité interne et externe de l'ariary. Par ailleurs, son prédécesseur n'a pas manqué de souligner lors de la passation de service que le flambeau a été passé entre de bonnes mains.

Plusieurs hautes personnalités malagasy et de la communauté internationale, à l'instar des chefs d'institution, quelques membres du Gouvernement, des Autorités et membres du système judiciaire, du corps diplomatique, des Autorités issues du secteur financier ainsi que des différents partenaires institutionnels et privés, ont honoré la cérémonie de leur présence. Cette importante assistance témoigne de la place accordée à l'Institution compte tenu de son rôle auprès de la nation.

Notons que cette année se tiendra la commémoration de la création de Banky Foiben'i Madagasikara en 1973. Forte de ses 50 ans d'existence, BFM continue d'apporter sa contribution dans la mise en œuvre de la politique économique générale du Gouvernement et ce, à travers différents projets tenant compte des évolutions du contexte mondial.




Telma
ISIKA MIARAKA @
BAREA CHAN
SPONSOR OFFICIEL
MISAOTRA
BAREA
GCL 413/1-1